Ety Ny Vavahady

Misaotra anao, Rahalahy Neville. Misaotra anao. Tena tsara ny tafaverina ato amin'ny Tranon'ny Tompo. Izaho dia faly foana miverina eto amin'ny tabernakla, tsy mampaninona na aiza na aiza alehako. Misy zavatra mikasika an'ity toerana tranainy kely ity izay tiako hiverenana. Izany fotsiny dia, oh, izaho . . . Ity no fiangonako voalohany sady tokana izay mba naha-pasitera ahy. Ary toy ny hoe tsara fotsiny ny miverina eto indray. Ary mino aho fa amin'ilay maraina lehibe rehefa mandà ny hamiratra ny masoandro ary ireo kintana hampalefaka ny hazavany, dia mino aho fa hisy avy amin'ity tabernakla ity ho tonga any amin'izany andro izany, izay voasasan'ny Ràn'ny Zanak'ondry. Miandry an'izany fotoana izany aho.

2 Raha nandalo ny efitra aho vao teo, dia nihaona tamin-dRanabavy Arganbright ery aoriana ery aho. Ary niteny tamiko izy fa misy olona eto izay tany amin'ny fivoriana tao Kingston, izay mamangy amin'izao fotoana izao, ary izaho . . . ny . . . tena faly manana azy ireo eto ho vavolombelona anankiray. Na aiza na aiza izy ireo, raha hanangana ny tànany izy ireo, izay tany amin'ny fivoriana tao Kingston any Jamaica. Izay fotsiny, hia, ireo aoriana ireo. Eny àry, mahafinaritra izany.

3 Mahita ny karatra paositalin'i Oral aho. Ataoko fa efa nolazainareo ireo fivoriany. Tsy fantatro ilay izy raha tsy, ireo daty, raha tsy omaly. Heveriko fa manomboka amin'ny faha-enina ilay izy, sa tsy izany? Faha-enina ka hatramin'ny faha-dimy ambin'ny folo, Rahalahy Roberts any Louisville. Ankehitriny, mandehana mandre azy. Rahalahy Roberts dia sa—sakaizako akaiky, ary tena mpanompon'i Kristy. Ary azoko antoka fa hankasitraka an'ireo hafany ianareo, isan-kariva. Ary ny . . . ny azy, raha mivavaka ho an'ny marary izy, izaho—izaho dia manana antoka fa hahita an'Andriamanitra miasa ianareo, satria izy dia mpiady lehibe an'ny finoana, izany Rahalahy Roberts, ary lehilahy anankiray izay ampiasain'Andriamanitra amin-kery. Ary ny asam-panompoany dia niakatra nanomboka . . .

4 Tsaroaka rehefa nihaona voalohany tamin'i Rahalahy Roberts aho, tao amin'ny trano lay kely rovidrovitra anankiray izy tao St. Louis, Missouri, ary izaho dia . . . tsia, Kansas City, Missouri. Ary tany Kansas City aho, Kansas, tao anatin'ny efitra lehibe. Nipetraka teo amin'ny seza teny aloha izy. Rehefa nifarana ny fivoriana, dia nandeha teny aoriana izahay ary niresaka. Nampahafantarin'izy ireo ahy izy. Tanora noho izaho izy; Ao amin'ny faha-efapolo taonany i Oral. Ary noho izany dia hoy izy hoe, "Mihevitra ve ianao fa handre ny fivavako ho an'ny marary Andriamanitra?"

Hoy aho hoe, "Rahalahy, handre ny fivavak'izay rehetra hivavaka Izy." Eny, nanomboka izy, ary hoy izy hoe, "Indro aho handeha!"

5 Ary izy dia lehilahy tena mahay, ary fampianarana ambaratonga ambony, efatra taona tao amin'ny fahalalana momba ny saina, ary azoko antoka fa izy dia—izy dia lehilahy mamiratra anankiray. Ary tonga eo amin'ny toerana anankiray izy ankehitriny izay ananany andiana mpanolo-tsaina manodidina azy, sy ny sisa, hany ka, rehefa miteny izy, izy—izy dia mihevitra tsara an'izany. Ary tena hankasitraka azy ianareo, azoko antoka.

6 Ary ankehitriny koa dia tiako ny hanome tatitra kely fotsiny ny amin'izay nataon'ny Tompo tao amin'ny fivoriana tsotra kelinay tany Jamaica sy tany Puerto Rico. Zavatra nahagaga ny nandehanako tany, satria maro ny antso tonga. Raha ny fahafantaran'i Leo eto, fa ilay telefona . . . Tao anatin'ny herinandro anankiray, dia tena nisy toerana an-jatony no niantso ho an'ny fivoriana. Saingy tiako anefa ny hahatsapa ho voatarika any amin'izay handehanako, tahaka ny amin'io. Raha mandeha aho satria olona anankiray no manafatra ahy ho tonga, amin'izay fotoana izay dia tonga amin'ny anaran'ilay fiangonana aho na ilay rafi-pandaminana. Raha handeha aho satria Rahalahy Neville no niteny fa tsy maintsy mandeha aho, dia tsy maintsy handeha amin'ny anaran'i Rahalahy Neville aho. Fa tiako ny mandeha rehefa Jesosy no maniraka, amin'izay fotoana izay dia afaka mandeha amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy ianareo, mba hihaona amin'ny olona.

7 Ary nandry teo amin'ny fandriana aho, ary somary reraka kely aho. Ity lohasaha ity, na ho haingana na ho ela, dia tsy maintsy hilaozako ity lohasaha ity, satria manimba ny tendako mihitsy izy ity ka mila tsy ho tantiko mihitsy ilay izy. Afaka mandeha aho dia miverina . . . Tonga izahay tamin'ny indray andro, Leo sy izaho, tao anatin'ny efapolo maily, rehefa avy tao amin'ny honahona tany Florida, dia nalalaka ilay tenda, fa tao anatin'ny efapolo maily avy ao Louisville dia tsentsina indray ilay izy. Tokony ho eto i Rahalahy Banks Wood izao maraina izao any ho any. Ary tamin'ny indray andro rehefa avy tany Kingston sy—sy Puerto Rico, dia tena nety tsara ny tendako; ary rehefa nidina tamin'ny fiaramanidina aho, dia mbola tsara; fa nialohan'ny nahatongavako tao Jeffersonville, dia nikatona indray ilay izy. Hitanareo, ity lohasaha eto ity izany. Ilay mikroba eny amin'ny rivotra izany, na koa Andriamanitra izany, ny anankiray, izay miezaka mampanalavitra ahy. Noho izany, izaho—izaho dia tsy mahafantatra an'izany. Efa nivavaka aho ary nangataka matetika mihitsy.

8 Fa, na dia izany aza, vao avy nifoha aho, teo amin'ny telo maraina teo. Ary ny vadiko sy ny zanako lahy kely natory. Ary niarina teo amin'ny sisim-pandrina aho, ary

nahita olona maro an'isa aho izay niangona teo amin'ny toerana malalaka anankiray, ary niteny tamin'i Billy Paul aho hoe, "Mandehana ianao mankeo ka omeo karatra fangataham-bavaka ireo olona ireo."

9 Dia hoy izy hoe, "Eka, dada." Tao anatin'ny minitra vitsy dia niverina izy, ka nanao hoe, "Tsy afaka manome karatra fangataham-bavaka an'ireo olona ireo ianao." Hoy izy hoe, "Hitanao ve io lehilahy mijoro eto io?"

Hoy aho hoe, "Eny."

10 Hoy izy hoe, "Teto izy teo, dia hoy aho hoe, 'Izay olona mila karatra fangataham-bavaka, dia atsangano ny tànanareo.'" Dia hoy izy, "Izaho nandeha mba hanome azy karatra fangataham-bavaka anankiray, izy lasa tany amin'ny toeran-kafa. Ary dia nandeha tany aho avy eo, fa izy lasa tany amin'ny toeran-kafa. Ankehitriny io izy ery aoriana ery indray." Hoy izy, "Tsy afaka manome na dia karatra fangataham-bavaka anankiray akory aza aho."

11 Hoy aho hoe, "Eny, Billy, tsy mila mizara karatra fangataham-bavaka ianao, satria misy toerana malalaka be eto hany ka ny olona rehetra dia afaka . . ." Ny karatra fangataham-bavaka dia hialàna amin'ny fikorontanana . . . hitanareo, ary mihazona azy ireo ao anatin'ny filaminana. Hoy aho hoe, "Oh, afaka maka ny olona rehetra aho eo, tsy mihoatra an'izay misy ao amin'ilay toerana izay ananako, ka handahatra azy ireo ary hivavaka ho azy ireo isan'isany."

12 Dia hoy izy hoe, "Eny àry." Dia nihodina nankany ankavanana izy ary nanalavitra ahy. Ary izaho nitodika tamin'*ity* ilany ity raha izy kosa nandeha tamin'*itsy* ilany itsy, dia nandinika azy aho.

13 Ary nandre Feo anankiray nidina avy tany An-danitra aho, ka nanao hoe, "Fa amin'izao fotoana izao no Hanombohako hanandratra anao." Dia nijery aho, ary tsy mbola nahita olona marobe tahaka an'izany mihitsy aho, nifanizina izy ireo na taiza na taiza.

14 Ary voatonona ny anaran'i Rahalahy Roberts, nanao hoe, "Ankehitriny dia ho tonga hijery anao i Rahalahy Oral Roberts."

Dia hoy aho hoe, "Ahoana no hiarahabako an-dRahalahy Roberts?"

Hoy Izy, "Mitovy amin'ny fomba hiarahabany anao mihitsy."

15 Eny, nahita an-dRahalahy Roberts tonga aho nanao palitao sy pataloha mainty, ary satroka kely anankiray tahaka ny anaovan'i Bing Crosby, ireny ahodina kely sy ahondrika ireny izany, satroka kely mainty anankiray. Ary somary nitsangana kely aho, dia niandrandra izy ary nanao hoe, "Manao ahoana, Rahalahy Branham."

Dia hoy aho hoe, "Manao ahoana, Rahalahy Roberts," nandray ny tànany.

Hoy izy, "Nahazo olona maro tsara ianao."

16 Hoy aho hoe, "Olona maro tokoa, Rahalahy Roberts." Dia nihodina izy ary lasa tahaka ny nataon'i Billy, tany amin'ny ankavanana.

17 Dia nieritreritra aho hoe, "Avy aiza no hitenenako amin'izy ireo?" Dia niezaka aho mba hahita na aiza na aiza toerana iray hitenenana. Teo amin'ny toerana iray aho, zavatra ambany, izay tsy nahafahako mahita hoe avy aiza no—no hitenenana amin'izy ireo.

Dia nisy olona nanao hoe, "Eny, avia eto."

18 Hoy aho hoe, "Eny, tsy afaka mahita tsara ianao eo." Ary nanomboka niampita an'ilay toerana aho. Ary izao no tsaroako tamin'izay fotoana izay, hoy aho hoe, "Ny zavatra tena ilaiko hatao dia ny mijanona ho manetry tena ao am-poko, foana, eo anatrehan'Andriamanita sy ireo Zanany."

19 Ary nivoaka avy tao amin'ilay fahitana aho. Dia nieritreritra aho hoe, "Inona no dikan'izany? Angamba ny dikany dia hoe isika dia hanana karazana . . . Na aiza no—aiza no halehany?" Hitanareo, indraindray, ao amin'ny fahitana, dia tsy miteny aminareo mihitsy Izy hoe aiza, Izy—Izy dia miteny fotsiny ary ianareo mihitsy . . . Fanoharana ilay izy, ohatra. Ary azoko antoka fa ianareo izay mamaky ny Baiboly dia mahazo an'izany.

20 Ary avy eo dia nandeha tao amin'ilay efitra anoloana aho ary nipetraka vetivety, ary teo amin'ny telo sy sasany na tamin'ny efatra maraina tamin'izay. Tena te-hatory aho. Niverina aho ary nandry, ary nanonofy nofy anankiray aho, ary nofy tena hafahafa indrindra ilay izy. Ary ny maro aminareo dia mahafantatra ny anankiray amin'ireo mpikarakara, Jack Moore, Rahalahy Jack Moore. An-taonany maro no nahafantarako azy. Nihevitra aho fa nivoaka niaraka tamin'ny zanany vavy aho, zazavavy anankiray teo amin'ny fito ambin'ny folo taona teo, ary noraisiko tamin'ny tànany izy, nampiakatra azy teo amin'ny havoana, Jackie kely. Eny, efa fantatro izy hatramin'izy mbola zaza vao minono. Ary nampiakatra azy teo amin'ny havoana aho, ary nandeha vondron-tanàna anankitelo teo amin'ilay havoana aho, nitarika an'io zazavavy io. Ary tonga teo ambanin'ny hazo lehibe anankiray izahay, ary nipetraka izy. Ary tahaka ny maro amin'ireo zazavavy adolantsento amin'izao fotoana izao izay manao an'ireny zipo ireny, fantatrareo, mibontsina kely, ary nanao ny anankiray tamin'ireny karazana zipo ireny izy. Dia nalainy io zipo kely io ary somary novelariny kely ilay izy dia nipetraka. Ary tahaka an'ireo olona tanora mifampijery matetitetika, dia namalona ny tànany tahaka an'*izao* izy ary

nanomboka niandrandra tany amin'ny lanitra. Eny, Jackie dia zazavavy tena tsara tarehy anankiray, saingy izy dia manana vava ngeza be sy maso ngeza be, ary karazana volo mena be, tsy mahasarika loatra, saingy tena ramatoa kely anankiray. Ary nahita an'ireo masony lehibe aho raha nijery tany amin'ny lanitra izy, sy hoe ahoana ny taratry ny lanitra izay tao anatin'ny masony.

21 Eny, nanalavitra azy teo amin'ny dimy dian-tongotra teo aho, ary somary nandry nihorirana tahaka an'*izao*, ary naka mololo anankiray ka nametraka an'ilay izy tao am-bavako, ary nanomboka nitsakotsako an'io mololo io. Dia nanomboka nieritreritra aho hoe, "Inona no ataoko eto ambony eto? Nahoana, izaho izay lehilahy antitra anankiray, nefa miaraka amin'ity tovovavy ity. Nahoana," hoy aho, "Manambady aho ary manan-janaka. Tsy manan-draharaha ety ambony ety mihitsy aho miaraka amin'ity tovovavy ity."

22 Ary nanomboka niharina aho. Ary, rehefa niharina aho, dia nisy Feo anankiray avy tao amin'ilay hazo, ka nanao hoe, "Izao dia ho famantarana anankiray sy ho an'ny antony anankiray."

23 Ary nifoha aho, ary saika nikiakiaka aho, no—nofy ratsy anankiray. Nieritreritra aho hoe, "Oh, manontany tena aho raha midika izany fa hiverin-dàlana aho na zavatra hafa hitranga amiko? Eny," nieritreritra aho hoe, "raha hanandrana hampiasa ny saiko manokana aho, amin'izay fotoana izay dia hanao an'ilay izy rehetra hifangaro aho, noho izany dia hiandry an'Andriamanitra fotsiny aho." Dia nanomboka nivavaka aho. Hoy aho hoe, "Tompo, mifandraika amin'ilay fahitana tamin'ny fiandohan'ny alina ve io nofy io, sa inona no dikan'ilay izy?"

24 Rehefa avy niandry fotoana vitsy, angamba ora iray (Efa nitsangana ny vadiko ary nanao ny sakafo maraina ho vonona.), tamin'izay fotoana izay dia niverina indray ilay Feo, ary nanao hoe, "Mandehana mankany Kingston, ary ho lazaina aminao any izay hatao."

25 Noho izany, teo no ho eo dia nandeha tany Kingston aho. Ary izy ireo—izy ireo dia nahafantatra ny Alakamisy tolakandro fa ho any aho ny Zoma. Izay ihany no filazana nataonay. Izaho tsy dia mahay loatra ny manao. . .?. . .na manombatombana ny olona maro, satria matetika aho no mampitombo an'ilay izy. Fa ny hariva voalohany, hataoko hoe nanana teo amin'ny roa ambin'ny folo, oh, teo amin'ny olona roanjato sy arivo teo izahay, tany, satria iray andro monja no nahafantarana an'ilay izy. Ary ny ampitso dia nanomboka nandefa mpihazakazaka isaky ny efatra maily izy ireo, mifampitohy, teny an-tendrombohitra. Ny anankiray nihazakazaka nandritry ny efatra ora, ary avy eo dia mamela mpihazakazaka hafa

anankiray manohy any an-tendrombohitra. Ary ny hariva faharoa dia nisy teo amin'ny dimy arivo teo. Ary ny hariva fahatelo dia notombanana teo amin'ny manodidina ny dimy arivo sy iray alina izany, angamba roa alina. Ary nisy an'alinalina no nanatona ny Tompo.

26 Ary ilay fahitana, dia fiangonana kely, ilay zazavavy dia virijiny anankiray, zaza anankiray fotsiny, ary izany dia midika ny maha-virijiny an'ilay fiangonana. Ary ilay vondron-tanàna anankitelo teo amin'ilay havoana, dia ireo telo andro izay nitoriako teny. Ary haka an'ilay fiangonana virijiny kely amin'ny alàlan'ny asam-panompoako aho, avy eo amin'izay nisy azy, miakatra avo ao amin'ireo zavatr'Andriamanitra, mandra-panozongozony an'ilay nosy manontolo.

27 Ary, oh, ireo mpitoriteny sy ireo olona manodidina, nitomany sy niangavy ary nandresy lahatra, "Hariva iray na roa amboniny fotsiny," tamin'ireo mpitondra ny tanàna.

28 Niala tao izahay nankany Puerto Rico. Tao izahay dia nahatsapa fandresena lehibe, malaza, ary an'alinalina no nanenika an'ilay kianja, hany ka notombanana ho fanahy efatra alina no nanatona ny Tompo Jesosy. Ary tamin'ny nialanay, antenaiko fa izaho...Hilaza an'izao amin'ny fiangonako manokana aho, fa tsy afaka ny hilaza an'ilay izy amin'ny be sy ny maro any ivelany aho, any amin'izay tsy misy ny olon-tsika, satria mety ho ratsy ny fijery an'izany. Fa manana ny anaran'ilay mpitsara aho eto amin'ny taratasy eto, izay nanao an'ilay lahateny rehefa niainga izahay, eto mihitsy, izy sy ireo mpiara-miasa aminy.

29 Ary izaho...Izy—izy nanao hoe, "Nahazo voninahitra izahay eto amin'ity nosy ity fa nanana mpitoriteny samihafa." Hoy izy hoe, "Raha vao avy nandao ny nosy vao tsy ela Atoa. Billy Graham," dia hoy izy, "isika dia nahazo fi—fivoriana lehibe anankiray," hoy izy hoe, "saingy i Billy Graham dia nitondra tamintsika fotsiny an'ilay Filazantsara mitovy amin'izay efa rentsika isan'andro." Hoy izy hoe, "Avy eo dia nahazo voninahitra izahay fa nanana an'Atoa. Roberts teto amin'ny nosy," hoy izy hoe, "ary nanome anay fivoriana lehibe telo andro Atoa. Roberts. Saingy," hoy izy, "tena lafo loatra ireo fandaniana tao amin'ilay hotely," hoy izy, "namela dimy arivo sy telo alina dolara ho an'ny alina telo, ho hofan'ilay hotely." Hoy izy hoe, "Avy eo dia teto Atoa. Osborn, izay tena mpanompo lehibe an'i Kristy. Saingy," hoy izy, "rehefa lasa Atoa. Osborn, dia nisy fahadisoam-panantenana," hoy izy, "tahaka ny hoe tapitra ny zavatra rehetra."

30 "Saingy," hoy izy, "voamarikay tao amin'ity fivoriana ity fa tena zara raha nisy olona teny amin'ny lampihazo mba hivavahan-dRahalahy Branham. Saingy," hoy izy, "rehefa nifarana ny fivoriana, dia seza tranainy sy tehina sy ny sisa

no noraofinay tamin'ny kamiao, avy tao amin'ny mpanatrika." Hoy izy hoe, "Tsy olona intsony ilay izy tamin'ity, fa Andriamanitra no tonga teto aminay," hoy izy.

31 Hoy aho hoe, "Aza miankina amin'ny fivavako; fa ny fivavakareo eo, mifametraha tànana ianareo." Ary andiany roa ambin'ny folo anankiray na roa no nentin'izy ireo teo amin'ny lampihazo, ary, rehefa nidina ny fahaiza-mamantatra, dia nikiakiaka fotsiny ny olona. Nipetraka tao amin'ny hotely sokajy fahefatra izahay, ary ny nandoa ny fandanianay manokana sy ny sarany, dia ny tenanay ihany.

32 Ianareo no nanampy tamin'izany, ny tenanareo, niaraka tamin'ireo fahafolon-karenanareo izay nalefanareo ho ahy. Izany no nahavita an'io. Ary tiako ho fantatrareo fa, ao amin'izany rehetra izany, dia manana anjara amin'izany ianareo. Ary ao amin'ilay andro lehibe be voninahitra izay ho avy, dia Andriamanitra no hamaly fitia anareo amin'izany. Hitanareo, ianareo tsy nanana . . .

33 Raha ilay olona manokana no mandeha ka manao zavatra, amin'izay fotoana izay, hitanareo, rehefa lasa io olona io, dia mihevitra izy ireo hoe, "Fahadisoam-panantenana lehibe, nandao antsika Andriamanitra." Tsy mandao anareo Andriamanitra. Miaraka aminareo foana izy. Hitanareo, ilay izy dia ianareo mihitsy no tafiditra tahaka ny maro, tahaka ny olona rehetra. Afaka mampiasa olona anankiray ho an'ny asam-panompoana iray Andriamanitra, fa izany tsy midika fa io olona io dia manana fahefana manokana eo amin'Andriamanitra. Ilay izy dia ny finoanareo manokana an'Andriamanitra.

34 Ary izy ireo dia nandeha tany tao anatin'ireo kalesy kely misy kodiarana tranainy, izay nataon'izy ireo tahaka ny kalesin-jaza misy kodiarana, ary—ary nasiany hazo fisaka, ary nampandriany teo ambonin'izany ny olona ka nampandeha azy ireo tao. Ary rehefa nifarana ny fivoriana, nihanazava ilay kianja fanaovana hazakazaka, dia tonga izy ireo niaraka tamin'ny vagao ary nandraoka sarety kely tranainy sy seza tranainy lehibe, sy tehina sy fandriana kely sy fandriana, ary dia nandeha fotsiny izy ireo ka navelany ireo, satria dia teo ny Fanatrehan'ny Tompo. Izany no tiantsika ho hita. Tsy misy idiran'ilay olona izany, Andriamanitra no miasa.

35 Tafaverina, mba hanampy anareo fotsiny izao maraina izao, dia hiresaka aho afaka minitra vitsy. Ary nangataka tamin'ireo tovolahy aho mba tsy hamoaka ny horonam-peo. Telo andro no niezahako mafy hieritreritra hoe, "Inona no ho resahako?" Ary izao maraina izao, mialohan'ny hialako, dia nahatsapa fampitandremana tena henjana anankiray ho an'ny fiangonana aho. Ary nilazako izy ireo hoe, "Raiso ny horonam-peo, fa aza avoaka hamidy izy ireny."

36 Fa mialohan'ny hanaovantsika an'ity, dia tiako ny hanome anareo fijoroana vavolombelona kely anankiray fotsiny, izay mety hahasoa anareo. Nahasoa ahy ilay izy. Nandeha nanao dia fanjonoana telo andro izahay, Leo sy Gene ary ny tenako, sy ny zanako Billy Paul ary ny vadiny, nankao amin'ny sakaiza anankiray izay manketo amin'ny tabernakla eto, avy any Georgia. Ary nitondra anay tao amin'ny honahona anankiray izy ireo, tsy dia fantatro fotsiny hoe taiza ilay izy ankehitriny, akaikin'i Okeechobee na zavatra tahaka an'izany, tsy fantatro ilay anarana izay nomen'ireo Seminole Indiana an'ilay izy. Saingy, na inona na inona, dia tany amin'ny maily maro izahay.

37 Ary io Rahalahy Evans, mpanota anankiray ny rahalahiny. Ary izy dia mpanjono mahay anankiray, ary nandeha tany amin'ireo honahona izy volana vitsy lasa izay. Ary izy ireo dia nahazo an'ireny antsoin'izy ireo hoe "bibilava mikorintsana." Ary nanaikitra azy ilay bibilava mikorintsana, ka saiky tsy velona mihitsy izy. Nivonto ny tongotra aman-tànany, ary nentin'izy ireo tany amin'ny dokotera izy ary nomen'izy ireo tsindrona. Mahafaty ireny zavatra ireny. Ary izy ireo dia manana betsaka an'ireny cottonmouths [Bibilavan-dranomamy mahafaty—Mpand.] ireny ihany koa any, cottonmouth, moccasin, voay eo amin'ny roapolo dian-tongotra eo ny halavany.

38 Ary raha nanjono tany izahay, dia nahazo trondro be anankiray aho. Oh, izany no tena andro anankiray an'ny—an'ny fialan-tsasatra. Ary tena lehibe loatra ilay izy hany ka tsy tafavoakako avy tao anaty rano izy, nahitsiny fotsiny ilay lelam-pitana dia lasa izy, na nanafaka ny tenany. Ary nahazo trondro betsaka izahay, trondro be teo amin'ny dimampolo amby zato livatra teo. Ary izy ireo, ny sasany tamin'izy ireo dia milanja livatra maro, ary teo amin'ny efatra ka hatramin'ny fito, valo livatra. Ary nahazo lehibe anankiray aho, ary votsotra izy.

39 Ary nanipy indray aho, ary izaho—izaho dia nahazo anankiray hafa, nanodidina ny enina, fito livatra. Ary nanana haran-jono lava anankiray aho izay tsy maintsy tazoninareo eo ambonin'ny ravin'ny lisy. Ary Rahalahy Evans dia nanana . . . Lena daholo izahay rehetra avy tao amin'ny firobohana tao anatin'ilay rano, satria heniheny mihitsy ilay izy. Ary nesoriny ny kirarony ka nampiakariny ireo moron-tongotry ny patalohany, ary nipetraka teo amin'ny toerana maina izy, mba hanamaina ny akanjony. Ary nahita an'io trondro be io nikofokofoka tao anatin'ny kirihitra izy, ary niroboka nankany aminy aho. Hoy izy hoe, "Iray minitra fotsiny, Rahalahy Branham, halaiko ho anao izy." Ary nihazakazaka tany izy. Ary nakariko ilay izy, ataoko fa efa saiky maty ilay trondro, nandry teo amin'ireo ravina.

Ary nihazakazaka izy mba hampakatra azy. Ary, rehefa nihazakazaka izy, dia nikonaina izy, ary dia indro izy fa niverina. Bibilava anankiray no nanaikitra azy.

40 Ary nojerenay ilay izy, dia nisy an'ireo dian-kaikitra teo amin'ny tongony izay nokaikerin'ilay bibilava, ary tena narary azy mafy ilay izy hany ka nisy ranomaso teo amin'ny tavany. Nilaza izy, fa tsapany ho nalemy mihitsy ny taolany. Ary teo izahay, tany amin'ny maily maro tao anaty honahona. Izy dia lehilahy ngeza anankiray raha tsy maintsy ho entina. Ary rehefa manaikitra anareo ny menarana anankiray, ao anatin'ny minitra vitsy dia tena marary ianareo hany ka toy ny maty mihitsy ianareo. Ary nitsangana nanatrika teo i Leo. Ary nisy zavatra anankiray tonga tao an-tsaiko, "Mbola Andriamanitra Ianao!" Ary rehefa nihazona ny tongony izy ka namikitra mafy an'izany, sy ireo dian-kaikitra lehibe anankiroa teo amin'ny nandrambasan'ilay bibilava azy, dia napetrako teo amin'io toerana io ny tànako ka nanao hoe, "Tompo, izao no voasoratra ao amin'ny Teninao, 'Hanitsaka ny lohan'ny menarana sy maingoka izy ireo, ary tsy hisy na inona na inona handratra azy ireo.'" Ary tamin'izay fotoana izay indrindra, dia niala tamin'ny tongony ny fanaintainana rehetra. Nanaovany ny kirarony ary nanjono nandritry ny andro manontolo.

41 Nandeha izy tamin'io hariva io ka nilaza an'izany tamin'izy ireo, hoy izy ireo hoe, "Tsaratsara kokoa aminao ny mandeha any amin'ny dokotera."

42 Hoy izy hoe, "Raha niaro ahy Andriamanitra hatreto, dia hiandraikitra ahy Izy amin'ny làlana sisa." Nanjono telo andro izahay, tsy nisy fiantraikan'aretina mihitsy.

43 Andriamanitra dia mbola Andriamanitra. Mihazona ny teny fikasana rehetra Izy. Ary tamin'ny asam-panompoako rehetra, dia io no fotoana voalohany mba nahitako an'Andriamanitra tonga teo amin'ny kaikitry ny menarana anankiray, satria izany no fotoana voalohany mba nahazoako fanararaotra hivavaka ho an'ny olona nokaikerin'ny menarana. Izany no mamela anareo fotsiny hahafantatra fa mihazona ny Fampanantenany rehetra Izy, ary ny Teniny dia tsara sy marina. Amena.

44 Tsarovy ireo fivoriana rahariva sy amin'ny Alarobia ho avy izao. Ary mivavaha ho an'ny olona iray ankehitriny izay tena mila hivavahana, izaho izany. Ary, tsarovy, atreho ny fivorian'i Rahalahy Roberts rehefa tonga eto an-tanàna izany, ary arahabao izy avy amin'ny tabernakla.

45 Alohan'ny hamakiantsika ny Soratra, izaho—izaho dia ho tia antsika hitsangana amin'ny tongontsika iray minitra fotsiny. Ary, tsy misy zava-maneno, ndao isika hihira andininy iray na roa amin'ity hira fiderana tranainy lehibe an'ny

fiangonana ity, "Ny Finoako Miandrandra Anao." Eny àry, ny rehetra miaraka amiko ankehitriny, ary ndao isika hihira an'izany. Ary aza mihevitra hoe ahoana ny fihiranareo, hirao fotsiny ilay izy ho voninahitr'Andriamanitra. Hanome anay ny fitarihana an'ilay izy ve ianao, Rahalahy Neville?

Ny finoako miandrandra Anao,
Ianao ry Zanak'ondrin'ny Kalvary,
Mpamonjy masina;
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny heloko rehetra,
O avelao aho manomboka amin'ity andro ity
Ho Anao manontolo!

Raha làlan-tsarotra maizina no andehanako,
Ka mitombo manodidina ahy ny fahoriana,
Aoka Ianao ho Mpitari-dàlako;
Didio ny aizina hivadika ho andro,
Fafao ny alahelo, sy ny tahotra,
Ka aza mamela ahy ho very làlana
Hanalavitra Anao.

46 Miaraka amin'ny lohantsika miondrika, tiako ny hamaky avy ao amin'ireo soratra masina an'ny Baiboly, Md. Matio, ny toko faha-7, andininy faha-13 sy faha-14. Ary enga anie ny Tompo hanampy ny Fitahiany manan-karena raha mamaky an'Izany isika.

Midira amin'ny vavahady èty ianareo: fa lehibe ny vavahady, ary malalaka ny làlana, izay mitondra any amin'ny fahaverezana*, ka maro ireo miditra any:*

Satria èty ny vavahady, ary tery ny làlana, izay mitondra any amin'ny fiainana, ka vitsy no mahita azy.

47 Ndao isika hivavaka. O Andriamanitra, Izay nitondra indray ny Tompo Jesosy avy tao amin'ny fahafatesana sy avy tao am-pasana, ka nanolotra Azy aminay izao maraina izao ho Fanatitra velona anankiray, manokana am-panetre-tena ny fiainanay ho Anao indray izahay, eo amin'ny fieritreretana fa tena mihevitra anay tokoa Ianao. Fony mbola mpanota izahay, maty tao amin'ny ota sy ny fahadisoana, dia Nirahinao ny Zanakalahy Tokana malalanao, natao tao amin'ny endriky ny nofo mpanota, mba ho tonga fanavotana anankiray ho an'ny otanay, mba ho ilay Tsy misy kilema, izay niharitra ho an'ny meloka, no hampihavana anay indray ao amin'ny fiombonana miaraka Aminao.

48 Ary, O Andriamanitra, raha misy ota eto afovoanay izao maraina izao, zavatra izay mety hanakana ny Fanahy Masina tsy hitondra aminay ny Hafatr'Andriamanitra ho ao amin'ny fonay tsirairay avy, mivavaka izahay mba, am-panetre-tena, Tompo, Hamelanao anay noho ny fahadisoanay. Diovy

izahay amin'ny Ràn'ny Tompo Jesosy. Izay . . . Fantatray, ao amin'ny tenanay ihany, fa tsinontsinona izahay, ary milaza izahay fa tsinontsinona izahay. Fa Ianao no masina, Ianao no marina, Ianao no fahamarinana, Ianao no tena Loharanon'ny famindram-po. Ary mandady am-panetre-tena izahay anio, toy ny fanahy mivalo. Tahaka ny fijoroana vavolombelona izay vao avy nomena, avy tany Jamaica sy avy tany Puerto Rico, ary tamin'izay Nanaovanao asa lehibe, O Andriamanitra, izany no famantarana ny fihavian'ilay Tokana Marina.

49 Toy ny ahoana no Nanafahanao an-dRahalahy Evans tamin'ilay poizin'ny kaikitr'ilay menarana, satria mpino anankiray izy, ary ireo Teninao dia marina foana. Ankehitriny, Tompo, manafaha anay amin'ny kaikitry ny fahafatesana izao maraina izao, izay nanaikeran'ilay fahavalo sy nanapoizinany anay. Enga anie ilay Balsama fanasitrananao, izao maraina izao, Tompo, hamonto ny fanahinay ka hanadio anay amin'ny tsi-fahamarinanay rehetra. Sitrano ny aretin'ny vatan'ny tena izay nopotehin'ireo herin'ny fahavalo. Ireo rehetra ao amin'ny Fanatrehana Masina, enga anie izy ireo ho sitrana.

50 Miresaha aminay ankehitriny amin'ny alàlan'ny Teninao voasoratra, Tompo. Tsy mahafantatra izay ho lazaina, saingy Ianao no hanomana an'izany. Ary Ianao no hananatra anay, Tompo, ka hanao anay ho vonona amin'ny Fihavianao. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy sy noho ny Aminy izahay. Amena.

51 Tara kely foana aho, satria niandry aho ankehitriny. Ary ny sekoly Alahady, ataoko, fa efa nivoaka. Fa misy zavatra anankiray mikasika an'izany, rehefa tonga any an-trano aho dia mahatsapa toy ny hoe manana fotoana betsaka fotsiny aho. Fantatrareo, ao anatin'ny firimorimoana anankiray isika, na izany aza. Noho izany, dia hino an'Andriamanitra fotsiny isika.

52 Ny Tompontsika dia nanome an'ity fampitandremana henjana ity ho an'ny olona ao amin'ny Taranany, ireo olona izay tena mpivavaka. Ary hoy Izy hoe, "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, izay mitondra any amin'ny Fiainana, ka ho vitsy no hahita an'Izany." Ankehitriny, izany dia tsy satria hoe tsy mpivavaka izy ireo. Tena mpivavaka izy ireo. Ary satria natoky ny fiangonana izy ireo sy ny karazana fanekem-pinoana ary anaram-piangonana, ary nino (hatreo amin'ny faritra iray) an'Andriamanitra, dia nihevitra izy ireo fa mety tsara ny zavatra rehetra. Saingy niteny tamin'izy ireo Izy fa ho vitsy no hiditra.

53 Ary manontany tena aho izao maraina izao raha tsy afaka mampitaha an'io taranaka io amin'izao taranaka izao aho. Hitanareo, teo amin'ny famaranana ny andron'ny Jiosy mihitsy io, ary nanondro zavatra samihafa sy fiafarana samihafa

an'ny andro samihafa Izy, ka niteny tamin'izy ireo fa ilay tena zavatra izay natao tamin'ny andro lasa mihitsy no natao teo anatrehan'izy ireo. Ary diso tamin'ny fahafantarana an'izany izy ireo. Ary ndao isika hijery karazan-javatra izay Noresahiny.

54 Izy ireo, ohatra, dia tsy afaka nino fa Andriamanitra no tao amin'io Lehilahy io. Io no sakana lehibe indrindra izay tokony nihoaran'izy ireo, dia ny hoe ahoana Izy izay Olona nefa manao ny Tenany ho Andriamanitra. Tsy afaka nahita izy ireo hoe ahoana no nahafahan'Andriamanitra nitoetra tao anatin'ny nofon'olombelona. Ary tao amin'ny taona rehetra, tao amin'ny fotoana rehetra, dia nitoetra tao anatin'ny olona foana Andriamanitra. Ny olona no masoivohon'Andriamanitra. Ao amin'ny taranaka rehetra, dia miteny amin'ny Olony amin'ny alàlan'ny molotr'olombelona Andriamanitra. Mifidy olona anankiray foana Izy na zavatra anankiray izay Azony ampiasaina.

55 Ary Notondroiny tamin'izy ireo, ho fahatafintohina anankiray, ny mikasika an'i Abrahama. Nilaza Izy, niteny tamin'izy ireo hoe, "Raha ianareo no manao ny tenanareo ho 'zanak'i Abrahama,' i Abrahama 'rainareo,' dia nahita ny Androko ka faly nahita an'izany. Abrahama, mpaminany." Ary tsy isalasalana fa nanondro tamin'izy ireo Jesosy fa Izy no nanaporofo tamin'izy ireo fa Izy no Mesia, satria ny famantaran'ny Mesia no nanaraka Azy. Ary izany foana ilay fomba nandritry ny taranaka rehetra, dia, ilay famantaran'ny Mesia. Kanefa Izy nanao ny Tenany ho Andriamanitra, ilay Mesia Izy tenany, dia izany no nahatafintohina azy ireo. Tsy afaka nahazo an'izany izy ireo.

56 Ankehitriny, rehefa i Abrahama (izay nantsoin'izy ireo hoe rainy) no nihaona tamin'Andriamanitra, dia tao anatin'ny nofo anankiray koa Izy, satria nihinana henan-janak'omby anankiray Izy, nihinana mofo katsaka, sy nisotro ronono, ary dibera, teo anatrehan'i Abrahama, nefa dia Andriamanitra Izy. Abrahama dia nahafantatra Azy, Andriamanitra, ary niantso Azy hoe "Elohima," izany hoe Jehovah Tsitoha. Lehilahy anankiray nanao akanjo, miaraka amin'ny vovoka teny amin'ny Vatany, ary nipetraka teo ambanin'ny hazo anankiray, mba hialokaloka, ary nihinana hena sy nisotro ronono. Avy ireo tena Jiosy mangatsiaka, ratsy fo, tia tena, dia tsy afaka nino Azy ho Zanak'Andriamanitra, nefa niantso an'i Abrahama ho rainy. Ary nanao azy ireo hahafantantra Izy fa Izy no nanao an'ireo zavatra mitovy ireo, tao amin'ny Nofony, izay nataon'Andriamanitra tao amin'ny nofo hafa anankiray rehefa nihaona tamin'ilay rain'izy ireo Izy, Abrahama. Ary i Abrahama no nino an'ilay izy. Fa izy ireo tsy nety nino an'ilay izy.

57 Hitanareo, rehefa nipetraka teo ambanin'ny trano lainy i Abrahama satria nanao safidy anankiray izy, ary io

safidy io dia nentina teo anatrehan'ny olona rehetra izay teraka eto amin'ity tany ity. Ilay hazon'ny tsara sy ny ratsy dia mipetraka eo anatrehan'ny olona rehetra. Ary rehefa i Lota, ilay zana-drahalahiny, sy ireo mpiandry bibiny no nanomboka nifamaly mikasika ny tany; Abrahama, amin'ny maha-olo-marina azy, dia nanao tamin'izy ireo hoe, "Aoka mihitsy tsy hisy fifamaliana eo anivontsika. Mifidiana fotsiny ianao izay làlana handehananao." Io toerana io dia tonga eo amin'ny fiainan'ny mpino tsirairay. Ary eo anatrehanareo izany amin'izao maraina izao, ary eo anatrehako.

58 Lota dia tsy nieritreritra fa hiverin-dàlana izy, fa lasa izy nandeha nijery an'i Sodoma izay nisy an'ireo zavatra mora. Ary im-betsaka isika no mijery any amin'ny làlana mora. "Hikambana amin'ity karazana fiangonana izao-sy-izao ity aho, ary, hitanareo, tsy hisy olona hiteny na inona na inona manohitra an'izany, satria io no fiangonana lehibe indrindra eto amin'ny tanàna." Ilay làlana mora! Im-betsaka isika no manao an'izany, nefa, diso isika!

59 Tsarovy, raha manaraka an'i Kristy ianareo, dia ho halan'ny olona ianareo, satria izay rehetra miaina masina ao amin'i Kristy Jesosy dia hiharitra fanenjehana. Ary raha manatona an'i Kristy ianareo, dia tsy ho avy amin'ny alàlan'ny fiangonana anankiray na anaram-piangonana anankiray, na fanekem-pinoana anankiray. Ho avy amin'ny alàlan'ny Rà ianareo, izay ihany no làlan-tokana hidirana. Ary tsy afaka mitondra na iza na iza miaraka aminareo ianareo, ho avy irery ianareo ary hitsangana eo ambonin'ny fanambaranareo manokana sy ny finoanareo manokana. Tsy hiditra eo amin'ny an'ny pasitera ianareo, na amin'ny finoan'ny reninareo. Ho avy amin'ny maha-isam-batan'olona ianareo rehefa manatona an'Andriamanitra! Ary im-betsaka isika no manao an'ireo safidy adala ireo.

60 Ahoana moa raha i Lota, rehefa nahita ny zavatra rehetra mora izy. . .? Hitany fa tany no nisy vola betsaka sy laza betsaka, satria ho vahiny anankiray izy, ary lehilahy mahay, nianatra, fahalalana momba ny saina be dia be, ary afaka manao zavatra maro izy no sady mihazona ny finoany. Nieritreritra izy hoe, "Manana finoana an'Andriamanitra aho, koa dia handeha ho any Sodoma mihitsy aho ary izaho—izaho dia hahazo vola betsaka, ary ho lasa lehilahy malaza aho, angamba ho mpitory teny mahafinaritra anankiray." Hitanareo, manana safidy anankiray hatao ianareo.

61 Ary ireo mpivavaka dia manana safidy anankiray hatao. "Handeha any amin'io fiangonana anankiray eo io aho. Oh, ny olona rehetra eto amin'ny tanàna dia mihevitra fa io no tsara indrindra! Nahoana, ny ben'ny tanàna dia mikambana amin'io fiangonana io." Ankehitriny, afaka mikambana amin'ny

fiangonana anankiray izay tena tsara tokoa izy, saingy tokony mbola hitsara an'io fiangonana io sy ny olony amin'ny alàlan'ny Soratra ianareo. Indraindray dia mandeha izy ireo satria fomba mahazatra ilay izy, ireo—ireo olona miakanjo tsara izay mandeha any amin'ny toerana samihafa. Ary eo no anaovantsika ny—ny fahadisoana mahafaty. Ankehitriny mariho izao.

62 Ary Abrahama, ny zavatra tokana azony natao dia ny naka an'ilay safidy faharoa. Ary matetika ny safidy faharoa no tsara noho ny voalohany, raha raisina tahaka an'izay ilay izy. Mariho, tsy ela, rehefa nahita an'ilay tanàna lehibe i Lota, dia tsy nahita an'ilay vadiny nivadika vongan-tsira izy, na izany aza, tsy nahita an'ilay afo nandoro an'ilay tanàna izy. Fa i Abrahama kosa dia naka ny làlana miaraka tamin'ireo tsinontsinona vitsy an'ny Tompo. Nijanona tany an-tany efitra izy.

63 Ary, kanefa, ahoana moa raha nilaza i Saraha . . . Ankehitriny tsarovy, Saraha no vehivavy tsara tarehy indrindra tao amin'ny tany rehetra. Tsy nisy vehivavy nahafinaritra tahaka an'i Saraha. Ny olona rehetra, nahita azy, dia latsa-pitia taminy. Ankehitriny, ho mora toy ny inona tamin'i Saraha ny naka an'io karazana safidy io. Saingy nisafidy ny hijanona niaraka tamin'i Abrahama izy.

64 Oh, ry vehivavy, aza avela hanajamba anareo ny devoly, halaza ka hikambana amin'*ity* sy *itsy*. Mijanona ianareo miaraka amin'i Kristy! Satria, antomotra ny ora, mipetraka eo aloha ireo fandravana lehibe, ratsy lavitra noho ny tany Sodoma sy Gomoro, ho an'ity firenena ity. Ho mora kokoa ny tany Sodoma sy Gomoro amin'izany.

65 Ankehitriny, raha nandray an'io làlana izay nomen'Andriamanitra azy io i Abrahama, ka nahazo ny kaozatra indrindra tamin'ny tanàna, dia tsy ambinina mihitsy izy. Kanefa kosa zavatra tokana no fantany, nanompo an'Andriamanitra izy ary nino an'Andriamanitra.

66 Koa indray andro dia indro tonga ny lehilahy anankitelo, ary tena feno vovoka tsara izy ireo ary sasatra, ka nitsetra azy ireo i Abrahama, hoy izy hoe, "Mandrosoa ary mipetraha eto ambanin'ny ôka vetivety fotsiny." Ary raha nitsangana teo izy niresaka tamin'izy ireo, dia fantany fa tsy lehilahy tsotra mihitsy izy ireo. Tamin'ny alàlan'ny firesak'izy ireo, dia hafa izy ireo. Dia lasa i Abrahama ka namono zanak'omby anankiray ary nanamboatra an'izany, ary niantso an'i Saraha hanao mofo ka hiomana hampisakafo azy ireo.

67 Ankehitriny tsarovy, ny roa tamin'izy ireo dia Anjely, Anjely tao anatin'ny nofon'olombelona, ary ny anankiray tamin'izy ireo dia Andriamanitra Izy tenany. Ary ilay Anankiray izay Andriamanitra dia nanatodika ny Lamosiny tany amin'ilay trano lay.

68 Ary i Saraha nijanona tao anaty trano lay. Tiako ny mahita vehivavy anankiray mihazona ny toerany tahaka an'izany, fa tsy mivoaka dia miteny amin'ny vadiny an'izay hatao, sy isaky ny misy olona tonga. Fa nijanona tao anaty trano lay izy. Tsy isalasalana, fa angamba nanasa vilia izy na nanao zavatra hafa.

69 Ary ity Anankiray Izay Andriamanitra ity, dia nijery naharitra nankany Sodoma Izy, ka niteny tamin'izy ireo Izy izay Hataony. Ary Anjely anankiroa no nandeha nidina tany mba hitory ny Filazantsara. Fa ny Anankiray nijanona tany aoriana, io ilay Anankiray izay Andriamanitra, ary hoy Izy hoe, "Tsy hanafina ny tsiambaratelo izay fantatro amin'i Abrahama Aho, satria izy no ho mpandova an'izao tontolo izao."

70 Oh, manana zo isika izao maraina izao, ry fiangonana, ny hahafantatra ny tsiambaratelon'ny Fihavian'ny Tompo. Satria, "Sambatra ny mpampihavana, fa izy ireo no hantsoina hoe zanak'Andriamanitra. Sambatra ireo izay noana sy mangataheta, fa izy ireo no hovokisana. Sambatra izay madio am-po, fa izy ireo no hahita an'Andriamanitra. Sambatra ny malemy fanahy, fa izy ireo no handova ny tany." Noho izany, raha ilay fiangonan'Andriamanitra velona no tsy maintsy handova ny tany, dia tsy misy tsiambaratelo afenina amin'izany.

71 "Izay rehetra nolazain'ny Raiko Tamiko, no Nolazaiko taminareo," hoy Jesosy. Fa tsy nety nino Azy izy ireo.

72 Koa tamin'ny andron'i Abrahama, raha nanondro an'ireo Izy, dia Nolazainy fa raha niresaka tamin'ilay Anjely i Abrahama, ka ny Lamosiny nitodika tany amin'ilay trano lay, dia niteny tamin'i Abrahama Izy fa hamangy azy Izy miaraka amin'ny zaza anankiray. Ary Saraha, tao anatin'ilay trano lay, dia nihomehy. Dia hoy Izy hoe, "Nahoana no nihomehy i Saraha?" Inona no Nasehony? "Nahoana no nihomehy i Saraha?" Ora vitsy talohan'ny fandravana mihitsy, no niseho izany. Nialohan'ny fandravana indrindra, no nidina avy tany an-danitra ilay afo ka nandoro an'ilay tanàna, ary izany famantarana izany no natao.

73 Ary hoy Jesosy hoe, "Diso ianareo," tamin'ireo mpampianatra ny momba an'Andriamanitra, tamin'ny firenena mpivavaka anankiray izay an-tapitrisany ara-bakiteny no mpino. Hoy Izy hoe, "Diso ianareo, tsy mahafantatra na ny Soratra na ny Herin'Andriamanitra." Tamin'ny taranaka anankiray tahaka an'io, izay olona tsara hofana, izay nianatra sy nobeazin'ny fiangonana. Rehefa teraka ny zaza anankiray, dia fananan'ny fiangonana izy. Tsy maintsy ho Israelita anankiray ianareo. Valo andro aorian'ny fahaterahanareo, dia famorana izany, ary Israelita anankiray ianareo hatrany am-boalohany. Ary ny fisoronana dia avy amin'ny Levita, izay nofanina nandritry ny an-jato taonany tao amin'ny Soratra. Kanefa hoy Jesosy hoe, "Diso ianareo, tsy mahafantatra ny

Soratra!" Fantany ireo tao amin'ny boky fianaran'izy ireo manokana, fantany izany tamin'ny alàlan'ny katesizin'izy ireo, fantany izany tamin'ny alàlan'ny teolojian'izy ireo manokana. Saingy hoy Jesosy hoe, "Tsy fantatrareo Izany, ny Soratra, na tsy fantatrareo ny Herin'Andriamanitra. Raha nahafantatra an'i Abrahama ianareo, dia ho nahafantatra Ahy. Raha zanak'i Abrahama ianareo, dia ho nahafantatra Ahy, satria faly i Abrahama rehefa nahita ny Androko izy, satria nahita mialoha an'ilay andro izy. Rehefa nitsangana teo anatrehany Aho tany, tao anatin'ny nofo anankiray, ka nanao an'izao, dia fantany fa Izaho izany, ary niantso Ahy izy hoe 'Elohima.' Nefa indro Aho manao an'ilay zavatra mitovy eto anatrehanareo, ary ianareo miantso Ahy hoe 'Belzeboba.'"

"Oh," hoy izy ireo, "manana an'i Abrahama ho rainay izahay."

"Miantso an'i Abrahama ho 'rainareo'?"

74 Hoy izy hoe, "Nahoana, izahay, izahay mikambana amin'ilay fiangonana. Izahay dia firenena mpivavaka. Izahay dia vahoaka malaza. Izahay dia vahoakan'Andriamanitra!"

Hoy Jesosy hoe, "Devoly ianareo, izy no rainareo."

75 Tiako ny hampitaha an'io taranaka io amin'ity anankiray ity. Amin'izao andro izao, izay misy olona an-tapitrisany ara-bakiteny izay mihambo ny Kristianisma, nefa tsy mahafantatra ny mikasika an'Andriamanitra akory mihoatra noho ny fahafantaran'ny Hottentot anankiray mikasika ny alina Egyptiana iray. Misy lehilahy sy vehivavy amin'izao andro izao, an-tapitrisany ara-bakiteny mihambo ho Kristiana manambara an'i Kristy, no tsy mahafantatra ny fitsipika voalohan'ny Herin'ny Fitsanganany, ary tsy nanandrana mihitsy ny Fahatsarany. Tsy nahatsapa mihitsy ny Heriny izy ireo. Ny mason'izy ireo dia nohajambaina ny amin'ny Fahamarinana.

76 Hoy Izy, "Jamba ianareo, mpitarika ny jamba. Tsy ho...ny...raha ny jamba no mitarika ny jamba, tsy ho latsaka ao anaty lavaka ve izy ireo?"

77 Avy eo dia hoy izy ireo, "Kristiana izahay. Mpino izahay. Mikambana amin'ny fiangonana ambony indrindra izay misy izahay. Ireo rabinay no manam-pahaizana voahofana tsara indrindra izay misy." Kanefa nilaza tamin'izy ireo Jesosy fa tsy nahafantatra ny Soratra akory aza izy ireo.

78 Hitanareo ve hoe ahoana no nanafenan'Andriamanitra an'ilay izy tamin'ny mason'ny hendry sy ny manan-tsaina, ka nanambara an'ilay izy tamin'ireo zaza madinika izay te-hianatra? Oh, ilay Hery lehibe sy ilay maha-tsy manam-petra an'Andriamanitra! Toy ny inona ny Fahatsarany amin'ireo izay maniry ny handeha eo Anatrehany! Tsy hihazona ny zava-tsoa Izy.

79 Ary ny mahita ny andro izay ny firenentsika, ny tontolontsika, dia simban'ilay zavatra mitovy!

80 Te-hanitsy azy ireo tsara mihitsy Jesosy. Hoy izy ireo hoe, "Oh, Abrahama no rainay. Ary ho any amin'ny Voninahitra izahay, aza manahy ny amin'izany ianao, satria mino an'Andriamanitra izahay. Mpampianatra ambony izahay, ary mino an'Andriamanitra izahay, ary izahay no mampianatra ny olonay. Fa iza moa Ianao izay tonga eto miaraka amin'ny—ny famantarana tranainy kely mahagaga io ka miezaka miantso an'izany hoe Andriamanitra? Ianao dia tsy inona fa Belzeboba anankiray." Io ny anareo, nanana ny fanekem-pinoana sy ny anaram-piangonany izy ireo.

Nilaza tamin'izy ireo Jesosy hoe, "Ianareo dia devoly." Eritrereto izany!

81 Ary hampitaha an'io taranaka io amin'ity aho, amin'izao andro izao izay ananantsika an-tapitrisany mikambana amin'ny fiangonana, manana an'aliny isika. Ary midina Andriamanitra mba hivelona ao amin'ny Fiangonany indray, ary hanao an'ireo zavatra mitovy amin'izay Nataony tany, manao ny Tenany ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Fa ny olona manatodika ny lamosiny amin'izany, tsy mety miova, ny sasany mba halaza, ny sasany mba hiala tsy hanao safidy. Manery ny olona izany! Tsy maintsy manao safidy anankiray ianareo. Tsy afaka ny hijanona eo afovoany ianareo. Tsy maintsy miteny ianareo hoe "eny" na "tsia." Tsy handao an'io varavarana io mihitsy ianareo ka ho olona mitovy tahaka an'izay nidiranareo. Tsy afaka manao an'izany ianareo. Tsy maintsy manao safidy anankiray ianareo. Ataovy ho an'i Kristy izany izao maraina izao.

82 Nihevitra izy ireo fa ny zavatra rehetra izay nikambana tamin'ilay fiangonana dia ho voavonjy. Hoy Jesosy hoe, "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, kanefa dia vitsy ireo izay hahita azy."

83 Mamelà ahy hampitandrina anareo izao maraina izao, ry fiangonana, mitandrema tsara. Maka fotoana izany ankehitriny, ao amin'ny taranatsika mpanamarin-tena, mahavita-tena mpihatsaravelatsihy izay iainantsika. Ora iray izay ijoroan'ireo lehilahy sy vehivavy ao amin'ny fiangonana sy eo amin'ny dabilio, ary mihira an'ireo anteman'Andriamanitra, dia mivoaka amin'io fiangonana io ka mifoka sigara, sy misotro whisky, ary mandeha mandihy, sy—sy miaina ho an'izao tontolo izao, miteny vazivazy maloto, ratsy, nefa miantso ny tenany hoe "Kristiana." Rehefa ny lehilahy sy ny vehivavy no afaka miala avy eo amin'ny polipitra na avy eo amin'ny fiangonana, sy avy eo amin'ny toeran'ny Herin'ny fitsanganana, izay misy an'io famantarana Mesianika mitovy io mihetsika eo anivon'izy

ireo, ka tsy lasa olom-baovao ao amin'ny Kristy, dia misy zavatra tsy mety ao. Rehefa afaka nanaparitaka an'ilay izy ireo gazety; ary nanerana ny moron-tsiraka, aloha sy aoriana, avy any amin'ny faritry ny ranomandry any Avaratra ka hatrany amin'ny ala mafana any Atsimo, Andriamanitra no mandefa an'ilay izy, nefa ny olona manatodika ny lamosiny tsy an-kijanona amin'izany. Koa inona no azontsika holazaina, inona no azontsika hatao? Miverina amin'ny Soratra isika izay Ilazany hoe, "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, kanefa vitsy no hahita azy."

84 Hoy Izy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Henoy, tamin'ny andron'i Noa, dia be mponina saiky tahaka azy amin'izao andro izao ny tany. Ny siansa an'izy ireo dia nihoatra ny antsika. Nanorina tsangambato sy piramida ary nanao zavatra izay tsy vitantsika amin'izao andro izao izy ireo. Vahoaka iray manan-tombo, malaza, mahay. Ary tsarovy, ny siansa no milaza amin'izao andro izao hoe, "Amin'ny misasak'alina latsaka iray minitra izao." Amin'ny iray minitra mialohan'ny hikapohan'ny famataranandro an'ilay oram-pahafatesana izao. Efa tara noho ny hiheverantsika azy izao. Manantena aho fa ny—matoky fa ny Fanahy Masina no handentika an'izao ao am-pon'ny mpino tsirairay, "tahaka ny andron'i Noa"!

85 Firy no voavonjy tamin'ny andron'i Noa, avy tao amin'io taranaka io? Valo, valo avy tao amin'ny an-tapitrisany marobe. Hoy Izy hoe, "Dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona."

86 "Ary tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Teo amin'ireo aman'aliny, dia nisy anankitelo no voavonjy.

87 Hiteny amiko ianareo amin'izay fotoana izay, "Ry mpitory teny, ahoana ny amin'ireo an'arivony izay ho tonga miaraka Aminy?" Ankehitriny, rahalahy, efa nangonina nandritr'ireo taranaka marobe izany.

88 Ho gaga aho raha misy roa ambin'ny folo no hivoaka avy ao amin'ity taranaka ity. "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, kanefa vitsy no hahita azy."

89 Oh, fantatro ireo fiangonana, izay lazain'izy ireo, "Raha mametraka ny anaranareo ao amin'ny boky ianareo ka lasa mpikambana ianareo, *ity*, mety tsara ianareo." Tsy misy ny Soratra tahaka an'izany. Raha ny rehetra no manana ny anarany ao amin'ny boky, sy ao amin'ny—ao amin'ny fiangonana, dia hisy amina miliara sy miliara ary miliara, ny rehetra dia ho tafiditra. Amin'izay fotoana izay ireo karazana fanahy rehetra ireo dia ho any, dia karazana toerana anankiray hanao ahoana ny Lanitra? Eritrereto izany ankehitriny.

90 Tahaka ny nolazain'ny olona anankiray tamiko hoe, "Ankehitriny andraso iray minitra, Rahalahy Branham. *Ranona-sy-ranona*, nandre azy ireo niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, fantatro fa vitan'izy ireo ilay izy."

91 Tsy midika mihitsy izany fa vitan'izy ireo ilay izy. Hoy i Paoly, ao amin'ny Korintiana Voalohany 13, "Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho, nefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho."

92 "Oh, nandeha tany amin'ny fivorian'i *Ranona-sy-ranona* aho. Oh, nanao asa lehibe, mahery izy. Nahita azy nampahita ny jamba aho."

93 Mbola mety ho very ihany izy. "Maro no hanatona Ahy amin'izany andro izany ka hanao hoe, 'Tompo, tsy efa nitory ny Anaranao ve izahay, naminany? Tsy tamin'ny, Anaranao ve, no nandroahanay ny fanahy ratsy? Tsy tamin'ny, Anaranao ve, no nanaovanay asa lehibe?' Izy hanao hoe, 'Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka, tsy nahafantatra anareo akory aza Aho.'" "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, kanefa vitsy no hahita azy."

94 Mamelà ahy hanome anareo fanombanana vitsy izay handona anareo. Araka ny siansa ara-pitsaboana, ao amin'ny tanànan'i Chicago, araka ny antontan'isan'ny dokotera, dia misy telo alina ny mikasika ny fanalan-jaza ao Chicago fotsiny, ao anatin'ny telopolo andro, izay ananan'ireo dokotera. Firy amin'ireny pilina kely sy zavatra izay alain'izy ireo ireny, no ho an'ny resaka fanalan-jaza?

95 Ny antontan'isa dia maneho, ao Etazonia, fa maro ireo zazasary teraka noho ireo zaza teraka tamin'ny fanambadiana masina. Efa fantatrareo ve fa ny Baiboly dia nilaza, ao amin'ny Deoteronomia 14:2, fa "ny zazasary, dia mila efajato taona ny hamafana an'izany"? Ireo zanakin'ny zanakin'ny zanakin'ny zanakin'ny zanak'izy ireo dia tsy mahazo mitsangana ao amin'ny fiangonan'ny Tompo, efajato taona, taranaka folo. Efapolo taona ny taranaka anankiray. Ireo rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny raibeny dia zazasary, tsy ao anatin'ilay sary izy! Ankehitriny inona? Asehoy ahy hoe aiza no nanovàna an'izany.

96 Tonga amin'ny inona isika? Ary ankehitriny ireo zazasary, noho ny fijangajangana, sy ireo vehivavy mpanota miakanjo toy ny lehilahy eny an-dàlambe, izay fahavetavetana eo imason'Andriamanitra, mpifoka sigara, mpisotro toaka mifangaro, Kristiana sarintsariny miharihary. Raràn'Andriamanitra ny andiana mpivaro-tena tahaka an'io! Marina izany. Avy eo dia hiantso ny tenany hoe Kristiana? Tsy mahagaga raha hoy Jesosy hoe, "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, fa vitsy no hahita azy."

97 Tsy hampanetry ny tenany izy ireo. Mavesatra izy ireo. Jereo, rehefa nilazana i Davida ny amin'ny fahotana izay

nataony izy, dia nibebaka haingana izy, ary tian'Andriamanitra izy noho izany. Teneno amin'izy ireo anie ny fahotany, hiteny izy ireo hoe, "Tsy handia an'ilay varavarana intsony aho." Nahoana? Manana toerana marobe haleha izy ireo, afaka mandeha any amin'ireo tranon'ny zazasary izy ireo izay handefitra amin'izany. Saingy izao no fotoana izay hitafian'ireo mpitory teny ny fiadiana fenon'Andriamanitra ka mitory ny Teny tsy misy marimaritra iraisana, ny Filazantsara. Tsy maintsy manetry ny tenany ny olona.

98 Tsy misy fahatsoram-po mihitsy eo anivon'ny Kristiana. Tian'izy ireo ny miteny hoe, "Metodista aho, Batista aho, Pentekotista aho," izany tsy midika [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] an'*izany* ho an'Andriamanitra.

99 "Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, nanao fahagagana aho." Apetratsika eo ambonin'izany ny tsindrim-peo, nefa dia izany no anankiray amin'ireo zavatra manajamba izay azon'izy ireo atao. Azo antoka. Ny ranonorana dia milatsaka eo amin'ny marina tahaka ny eo amin'ny tsy marina. Manondraka an'ilay vokatra ny ranonorana tahaka ny hanondrahany an'ilay ahi-dratsy, Roy. Ilay ranonorana iray ihany, ilay Fanahy Masina iray ihany no milatsaka eo amin'ny olona. Mbola tsy midika izany. . . Tsy maintsy ho hafa ny natioran'izy ireo, avy ao anaty. Tsy fanehoana ety ivelany na fampisehoana, fa ilay Fanahin'Andriamanitra velona ao anaty izay manao an'ilay olona ho olom-baovao anankiray, izay mampanetry tena ny fony na ny fony eo anatrehan'Andriamanitra.

100 Hoy ianareo hoe, "Ry mpitory teny, ny tianao ho lazaina amiko ve dia hoe misalasala fa hisy roa ambin'ny folo amin'ity olona an-tapitrisany sy efatra lavitrisa eto amin'izao tontolo izao ity?" Misalasala aho raha hisy roa ambin'ny folo no hahatratra ny Fampakarana. Eritrereto izany! Miteny aminareo an'izay nolazain'i Jesosy ato amin'ny Filazantsara aho eto. Eritrereto izany!

101 Inona no vokatr'izany? Satria teny anivon'ny olona ny fitondran-tena ratsy, dia nanomboka teraka ireo zazasary, izany no nanongotra azy ireo. Hitanareo, afaka mijanona eto mandritry ny ora maro isika, mametraka an'ireo zavatra ireo, dia afaka ny hahita ianareo fa miaina ao anatin'ny taranak'olona simba, voaozona, lo hatrany amin'ny atiny isika. Tsy mahagaga raha tsy afaka mahita famantarana izy ireo, tsy mahagaga raha tsy handre ny Filazantsara izy ireo, nohamafisina izy ireo, kanefa tena mpivavaka sy manam-pinoana.

102 Tsy nilaza ve Jesosy fa, "Ny Fanahy no milaza marimarina fa, amin'ny andro farany izy ireo dia ho kirina, mpieboebo, mpitia ny fahafinaretana mihoatra an'Andriamanitra, mpanontolo fo,

tsy mahonom-po, lozabe, tsy tia ny tsara, manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra"? Hitanareo? Oh, afaka miantsoantso ianareo, azo antoka. Afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, azo antoka. Ny finoana dia handroaka ny devoly, azo antoka. Fa tsy izany no resahantsika.

103 Noho izany dia hiteny amiko ianareo hoe, "Rahalahy Branham, inona no mariky ny Kristiana anankiray? Iza no ho voavonjy? Ho ianao ve, Rahalahy Branham?" Atolotro an'Andriamanitra izany. Izaho tsy mahafantatra. Mino aho fa izy aho. Mampitaha ny fiainako, isan'andro, amin'ny Teny aho. Raha tsy araka an'ity Teny ity izany, amin'izay fotoana izay dia misy zavatra tsy mety ao, tokony hiverina aho ka hahitsy.

104 "Eny," lazao, "Rahalahy Branham, rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona, tsy midika ve izany fa voavonjy izy ireo?" Tsia, tompoko! Tsia, tokoa! Izaho efa nandre mpamosavy vavy sy mpahay majika niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, ireo karazana hadalana rehetra. Izaho efa nahita olona niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra nefa miaina miaraka amin'ny vadin'olona anankiray. Izaho efa nahita olona miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, sy nitsambikina ambony-sy-ambany ary niantsoantso tahaka ny trano main'ny afo, nefa dia mivoaka ka manao fifanarahana tsy mahitsy, sy mangalatra, milaza lainga, sy ny sisa. Ahoana no hahafahanareo hanantena an'izany? Tsia, tompoko.

105 Mpikambana amin'ny fiangonana, diakona ao amin'ny fiangonana, manam-pinoana araka izay tratrany. Nahoana, mihevitra ve ianareo fa hividy lasantsy izy ireo ny Alahady? Tsia. Fa ny Alatsinainy kosa dia manao zavatra izay maloto sy lo ary mahatsiravina. Andriamanitra dia mitoetra ao anatin'ny fo, fa tsy ety ivelany, zavatra anankiray avy ao am-po ilay izy.

106 "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, kanefa vitsy no hahita azy." Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, valo tamin'ireo an-tapitrisany; tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, telo tamin'ny an-tapitrisany; dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona.

107 Ary hitanareo ilay fahasimbana izay misy antsika. Hitanareo ny fieritreretana rehetra, ny olona, mivoaka eo izy ary ataon'ny devoly mitsangana eny amin'ny polipitra ireo mpitory teny mahay ka mamela ny olona milamindamina miaraka amin'izany.

108 Indray andro dia olona anankiray no nanao hoe, "Tsy hanome anao ny polipitrako aho, hanao ny vehivaviko ho lasa adala ianao." Tsia, efa izany izy ireo. Hitondra azy ireo amin'ny fisainana mahitsy aho, hiteny amin'izy ireo any mba hijanona tsy hanao an'ireny fitafiana sy ny sisa ireny. Ary, eny, tokony hisy olona hanao an'izany.

109 Nilaza tamin'ny vadiko aho hoe, "Lasa adala ve aho, ny tenako? Very saina ve aho? Sa, inona ny manjo ahy?" Misy zavatra ato anatiko tsy mety mipetraka tsara. Tsy maintsy miteny an'Izany aho, tsy ahoako izay lazain'ny olona.

110 Hoy izy ireo, "Hanimba ny asam-panompoanao ianao." Eny, ny asam-panompoana rehetra izay hosimbain'ny Filazantsara, dia tsy maintsy ho simba.

Andriamanitra anie hanome antsika fahasahiana hanohana ny Fahamarinana sy hilaza ny Fahamarinana mikasika an'izany! Fahotana izany, henatra!

111 "Ety ny vavahady," hoy Jesosy, "ary tery ny làlana." Ary ianareo izay mihevitra fa an-tapitrisany, ka ianareo Metodista rehetra, Batista, Presbyterana, Pentekotista no hiditra, ho lasa adala ianareo amin'io andro io. Hoy Jesosy hoe, "Maro no ho avy ka hipetraka ao amin'ny Fanjakana, hanao hoe, 'Manana zo ho eto aho.'" Hoy Izy hoe, "Fa ny zanaky ny Fanjakana no handroaka azy ireo. Any no hisy fitomaniana sy fidradradradrana ary fikitroha-nify." Tsaratsara kokoa ny manao fandinihan-tena izao maraina izao, ry Kristiana. Hisy folo tapitrisa lavitrisa amin'ny nilaza ho Kristiana, sy nahatoky teo amin'ny fiainany, no ho diso an'ilay vavahady. Jesosy no niteny an'izany.

"Firy no hiditra?"

112 Tsy fantatro hoe firy no ho lasa. Ny zavatra tokana dia, "Andriamanitra, avelao aho ho isan'izy ireo!" Izay ilay izy. Izy no Mpitsara. "Avelao aho ho isany."

113 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, ahoana no hilazanao azy ireo ho Kristiana anankiray?"

114 Tsy fantatro. Saingy mamelà ahy hiteny aminareo izay lazain'ny Soratra. Azo antoka fa mino an'Izany ianareo. Rehefa nirahina ho ety an-tany ny Fanahy Masina, dia niteny tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina Andriamanitra. Naniraka anjely anankiray Izy handroso—handroso, aloha. Ary hoy Izy hoe, "Mandehana mankao an-tanàna ary eo anivon'ny olona, ary asio marika eo amin'ny andrin'izy ireo, an'ireo izay misento sy mitaraina noho ny fahavetavetana, izay manitsy an'ireo zavatra ireo."

115 Inona ny fahavetavetana? Vehivavy anankiray izay hanao fitafian-dehilahy. Mankarary an'Andriamanitra izany. Efa mba tonga teo amin'izay nisy zavatra vetaveta ve ianareo? Mankarary anareo toy inona ilay izy! Tsy tantinareo izany. Ny vehivavy anankiray izay hanao fitafian-dehilahy, izany no fanao mandreraka an'Andriamanitra; mety mihira ao amin'ny antoko mpihira ianareo, mety mivavaka isan'andro ianareo, ary miantsoantso isan'andro, na miaina ho an'Andriamanitra isan'andro, fa meloka ianareo eo amin'ny

Fanatrehan'Andriamanitra. Izany tanteraka tokoa no lazain'ny Soratra. "Fahavetavetana!" Ary ireo izay manohana an'izany dia hanana ny anjara anankiray amin'izany.

116 Andriamanitra anie hanome antsika fahasoavana mba hitsangana hanohitra an'izany. Raha tsy maintsy hitsangana irery ianareo, mitsangana eo ary hazony eny an-tànanareo ny Tenin'Andriamanitra. Tsy ho diso mihitsy Izany.

117 Ankehitriny tonga eo amin'ny andro anankiray isika, dia, ny fahavetavetan'ny olona. Ary mandroso manisy tombokase indray ilay Anjely. Itadiavo olona anankiray aho eto Jeffersonville, raha tianareo ny hahafantatra hoe iza no hahavita an'izany, itadiavo olona anankiray aho eto amin'ny tanànantsika izay mba misento sy mitaraina, voakorontana sy sasatra tsy an-kijanona, ka mivavaka noho ny fahavetavetana izay atao eto amin'ny tanàna. Afaka manangana ny tànanareo ve ianareo ka hanondro olona anankiray? Noho izany dia raiso ity Soratra ity, "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, izay mitondra any amin'ny Fiainana, vitsy no hahita azy." Ireo ihany no tsy maintsy ho voaisy tombokase.

118 Oh, izaho dia afaka mampiseho anareo fa betsaka ny mankany am-piangonana. Izaho dia afaka mampiseho anareo fa betsaka ny mihira ao amin'ny antoko mpihira. Izaho dia afaka mampiseho aminareo fa betsaka ny mampianatra sekoly Alahady. Izaho dia afaka mampiseho aminareo fa betsaka no filohan'ny—ny orin'asa lehibe. Izaho dia afaka mampiseho aminareo fa betsaka no miantsoantso, betsaka no miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, betsaka no miasa ao amin'ny asan'ny Filazantsara.

119 Saingy asehoy ahy ny anankiray izay tena ory ao am-pony amin'ireo fahotan'izao tontolo izao! Asehoy ahy ny mpitory teny anankiray izay afaka mitsangana amin'izao andro izao ka manameloka an'ireo anaram-piangonana ireo. Asehoy ahy ny mpitory teny anankiray izay hitsangana ka hilaza ny zavatra, ary hanameloka an'ireo anaram-piangonana ireo. Tsy hanatsara izy, ho voaroaka izy, io no tapakilan-tsakafony.

120 Tsy mahagaga i Billy Graham raha niteny tamin'i Jack Moore, nilaza, fa tsy hitany hoe ahoana no mampijoro an'ireo fivoriako, nanao hoe, "Tsy Batista izy, izy koa sady tsy Metodista na Pentekotista." Hoy izy, "Ary izy rehetra ireo dia manohitra azy daholo." Azo antoka, izaho tsy miteny an'izany. . . Ilay antony tsy nilazako, tsy azoko lazaina am-pahibemaso ilay izy. Lazaiko amin'ny fiangonako manokana izany. Manana tolona anankiray aho, satria eo amiko ilay oran'ny fitsapana.

121 Hoy izy ireo hoe, "Raha ho avy ianao, dia tena ho tsara izany, saingy aza miteny na inona na inona mikasika an'Izany ianao." Ny tsara aminareo fotsiny dia ny mitahiry ny fofon'ainareo.

122 Izaho dia hitory an'izay nolazain'Andriamanitra ho toriana! Marina izany. Ny anankiray amin'ireo valo ireo dia ho any ho any. Ny anankiray amin'izy ireo dia ho any ho any. Fa amin'io andro io dia tsy te-ho meloka aho tamin'ny filazana fa nanao marimaritra iraisana aho noho ny amin'ny fanekem-pinoana iray na fampianaram-piangonana iray, na anaram-piangonana iray. Nitory ny Fahamarinana aho!

123 Hoy izy ireo hoe, "Nahoana ianao no tsy, nahoana ny asam-panompoanao no tsy, Rahalahy Branham, toa ohatry ny lehibe loatra, nahoana ilay izy no tsy mihitatra tahaka ny ataon'ireo lehilahy sasany ireo?"

124 Izany marina tokoa ilay izy. Izany ilay izy. Mandeha ao amin'ny tanàna aho, mihevitra ve ianareo fa hiara-hiasa amiko ny Assemblée de Dieu? Tsy amin'izay inoako, tsy hanao izy ireo. Mety ny anankiray indraindray. Mihevitra ve ianareo fa hanao ny Metodista? Andramo, dia ho hita. Meteza ho mpikarakara ahy mandritry ny herinandro anankiray. Raha miditra ianareo, dia hiditra amin'ny Anaran'i Jesosy ianareo. Marina izany.

125 Oh, mazava ho azy, haka anareo any izy ireo, azo antoka, haka anareo any ho any amin'ny toerana anankiray, ary mba tsy hahatonga anareo hifandray amin'izy ireo amin'ny fomba rehetra tahaka an'izany. Ary avy eo rehefa lasa ianareo, dia hoy izy ireo. "Oh, ankehitriny, Rahalahy Branham dia somary mivadika ati-doha kely, fantatrareo. Izy . . . "

126 Raha mivadika ati-doha aho, dia mivadika amin'ny Fampianarany koa izany ny Baiboly. Izany no nolazain'ny Baiboly! Eny, tompoko. Diniho!

127 Hoy Jesosy hoe, "Nahoana ianareo no miantso Ahy ho 'Belzeboba'? Nino an'i Solomona ianareo, ilay famantaran'ny fanavahany. Nino ny androny ianareo. Ny Mpanjakavavin'ny Atsimo no tonga avy any am-paran'ny tany, mba hijery an'io fanomezam-pahasoavana io, ary nino an'izany izy rehefa nahita an'ilay izy. Ary mipetraka ianareo ka mijery an'ilay izy isan'andro, nefa tsy mino an'ilay izy."

128 Ary tsy nino Azy ireo Rahalahiny Manokana. Hoy izy ireo, "Miakara Ianao any amin'ny firavoravoana," hoy Izy hoe, "fa tsy hiakatra izao Aho." Niakatra tany amin'ny làlan-kafa Izy, satria ireo Rahalahiny Manokana dia tsy nino Azy. Marina izany. "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, kanefa vitsy no hahita Azy."

129 Rehefa tonga teo amin'ireo mpianatra izany, teo amin'ilay fanehoan-kery, dia taiza izy ireo? Vehivavy anankiray sy lehilahy anankiray no nitsangana teo akaikin'ny hazo fijaliana niaraka Taminy, Jaona sy Maria. Ny sisa tamin'izy ireo dia lasa.

130 Izao no fanehoan-kery. Izao no fotoana. Izao no anaovan'Andriamanitra zavatra. Izao no maha-eto an-tany ny Mesia. Izao no mampihetsika ny Herin'Andriamanitra ao amin'ny Olony. Nefa izy ireo dia miantso an'izany ho "holy-rollers, adala, very saina," oh, zavatra tahaka izany. Saingy tonga eto ny ora!

131 Azo antoka fa tsy maintsy hisy fahadisoam-panantenana lehibe amin'ny fitsarana.

132 Oh, ilay mpanao risoriso, fantany izay hisy azy amin'ny fitsarana. Toy izany koa no hahafantaran'ilay mpigoka labiera izay hisy azy. Toy izany koa no hahafantaran'ilay mpivaro-tena izay hijoroany. Toy izany koa no hahafantaran'ilay mpiloka izay hijoroany. Toy izany koa no hahafantaran'ilay mamolava izay hijoroany. Tsy ho diso fanantenana izy.

133 Fa ny hisy ny fahadisoam-panantenana, dia ireo izay nihevitra fa marina izy ireo. Eo no misy ny fahadisoam-panantenana. "Rehefa tafakatra any izy ireo, dia hanao hoe, 'Azo antoka, fa nandroaka devoly tamin'ny Anaranao izahay. Mpitory teny izahay. Mikambana amin'ny fiangonana izao-sy-izao izahay. Nanao fahagagana lehibe izahay. Oh, nitory teny izahay! Nahoana, izaho dia—izaho dia mpitandrim-pananana tao amin'ny fiangonana. Izaho dia eveka. Izaho *izao*.' Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka, tsy nahafantatra anareo akory Aho." Eo ianareo izao. Izany ilay fahadisoam-panantenana. Hoy Izy hoe, "Ny zanaky ny zanak'izy ireo dia ho avy ka hipetraka ao amin'ny Fanjakana, hanao hoe, 'Manana zo ny ho eto izahay,' nefa dia ho roahina any amin'ny haizina any ivelany izy ireo, izay hisy fitomaniana sy fidradradradrana ary fikitroha-nify." "Ety ny vavahady, tery ny làlana, izay mitondra any amin'ny Fiainana, vitsy no hahita azy."

134 Ho anareo, ry vahoaka malalako, izao maraina izao, henoy izao. Tsy namboarimboariko mihitsy izao. Tompon'andraikitra aho ny amin'ny filazana an'Izany. Izay ihany no maha-tompon'andraikitra ahy. Raha tsy mbola nitory toriteny hafa mihitsy aho teo amin'ny fiainako, dia izao no Fahamarinana: ho vitsy mihitsy ny olona ho voavonjy. Tsarovy fotsiny izao: tena vitsy kely. Aoka ianareo ho isan'izy ireo.

135 "Iza izy ireo, Rahalahy Branham?" Tsy fantatro. Tsy misy olon-kafa hahafantatra. Miasa amin'ny famonjena antsika manokana isika miaraka amin'ny tahotra sy ny hovitra.

136 Fa ianareo koa milahara miaraka amin'Andriamanitra. Raha tsy mitempo miaraka amin'ity Baiboly ity mihitsy ny fonareo, dia misy zavatra tsy mety ao, misy zavatra tsy mety ao. Tsy mampaninona izay lazain'ny fiangonanareo, tsy afaka miditra amin'ny alàlan'izany ianareo. Tsy maintsy

miditra amin'ny alàlan'izay nolazain'Andriamanitra ianareo. Ity no Boky izay hitsarana anareo, ny Baiboly. Mijanona miaraka Aminy!

137 "Oh," hoy ianareo, "eny, efa natao batisa tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy aho." Marina izany, izany no Baiboly. Saingy raha tsy manaraka an'izany ilay fiainana, dia tsy nahasoa anareo akory ilay natao batisa.

138 Hoy ianareo hoe, "Eny, nandray ny Fanahy Masina aho." Tsara izany, izany no tsy maintsy hataonareo. Saingy raha tsy ao ilay aina!

139 Tsarovy, fa ireo ahi-dratsy dia mandray an'ilay hery mitovy izay milatsaka eo amin'ilay vary mba hampitsiry azy, manao an'ilay ahi-dratsy hiantsoantso, ihany koa. Nijoro tsara ilay ahi-dratsy tranainy kely ary tena faly tahaka an'ilay vary mihitsy. Marina izany, miaina amin'ilay aina mitovy. Ary ny mpanota anankiray dia afaka mijanona eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, miantsoantso fandresena, ary miaina tahaka ny Kristiana anankiray. Saingy raha tsy misy zavatra hafa ao amin'ilay fo! Afaka manana an'ilay Hery mitovy handroahana fanahy ratsy izy. Jesosy no niteny an'izany. Afaka mitory ny Filazantsara tena tsara tahaka ny ataon'ny mpitory teny anankiray hafa mihitsy izy. Izany tanteraka tokoa, Jesosy no niteny an'izany. Mampianatra an'izany ny Baiboly. Eny, tompoko. "Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho, na dia atolotro ho dorana ho fanatitra aza ny vatako, homeko ny fananako rehetra hamahanana ny malahelo, izaho—izaho manana finoana hamindra tendrombohitra, izaho manao an'ireo zavatra rehetra ireo, izaho mitory teny amin'ny Anarany, izaho mandroaka devoly amin'ny Anarany," hoy izy hoe, "tsinontsinona aho." Koa, afaka nanao an'izany izy, nefa "tsinontsinona." Azonareo ve ilay hevitra?

140 Ankehitriny, ny zavatra hatao dia, avy ao amin'ny fonareo, ny ho Kristiana anankiray, miditra ankehitriny ao amin'ilay vavahady èty. Satria, malalaka ny làlana izay mitondra any amin'ny faharavana, ary an-tapitrisany tapitrisa ao amin'ity taranaky ny mpino ity no hiditra ao. Satria, ety ny vavahady, ary tery ilay làlana, dia ianareo sy Kristy irery fotsiny.

141 "Tery ny làlana izay mitondra any amin'ny Fiainana, ary vitsy fotsiny no hahita azy." Ankehitriny, izany no Tenin'ny Tompontsika. Oadray! Inona no nataony? Nitsangana teo, namantatra ny fisainan'izy ireo.

142 Ary hoy izy hoe, "Belzeboba Izy. Eny, ahoana no haha-Andriamanitra Azy? Olona Izy! Avy taiza izany fahendrena izany?" hoy izy ireo tao amin'ilay Tanànany Manokana.

143 Raha mandeha eto amin'ity tanàna eto ity ianareo, dia toy ny hoe. . . Tsy milaza an'izao aho ho tsy fanajana anareo

olona; Kristiana ianareo, tia ahy ianareo. Mandeha eto amin'ity tanàna ity ianareo, ary dia toy ny hoe ilay herin'i Satana no mandavo anareo. Voaheloka ity toerana ity. Voaheloka ity tanàna ity.

144 Inona no nolazain'i Billy Graham rehefa niditra an'i Louisville izy? Nilaza izy fa io no "toerana misy herin-devoly indrindra" izay mba hitany teo amin'ny fiainany. Nivoaka an-gazety izany, nanao hoe, "Afaka mahatsapa mihitsy an'ilay fampahorian'ilay devoly ianareo."

145 Mazava ho azy, fa mahatsapa an'izany aho. Nahoana? Ity no fonenako manokana. Rehefa niverina tany amin'ny Fonenany Manokana Jesosy, dia nilaza Izy fa, maro ny asa mahery tsy Vitany, noho ny tsy finoan'izy ireo. Hoy Izy, "Ny mpaminany dia tsy mba tsy hajaina, ny mpitory teny, raha tsy ao amin'ny azy manokana—ao amin'ny fireneny manokana, eo anivon'ny olony manokana." Hitanareo? Tsy vitanareo izany, ny Soratra no miteny an'izany. Hitanareo?

146 Ankehitriny, mandehana ianareo eto amin'ny tanàna eto! Ary aza miteny amiko hoe tsy nahafantatra aho. Nandeha teo amin'ny olona izay nandray ny tànako aho ary nanao hoe, "Oh, Rahalahy Branham, tia anao izahay." Nefa fantatrareo fa lainga izany! Fantatrareo fa lainga ilay izy. Raha afaka miteny amiko ny famantarana ny fo Andriamanitra, nahoana Izy no tsy afaka miteny amiko an'izany?

147 Azo antoka, ary tena eo anivon'ny olonareo manokana manerana ny tanàna mihitsy! Rehefa miteny aminareo izy ireo, manao hoe, "Eny, fantatrareo, izaho nahita fa izao-sy-izao . . . "

"Taiza? Taiza izany?"

"Tany ambonin'ilay . . . "

"Hah! Fantatray iny lehilahy iny!"

148 Tsapanareo izany. Mamelà ahy hiteny aminareo, avelao ho tonga ao an-tranonareo ny olona anankiray izay tena tsy tianareo, hipetraka ao an-tranonareo kelikely dia ho tsapanareo io fihetseham-po hafahafa io. Ampitomboy efatra arivo sy iray alina izany ankehitriny, dia ho azonareo izay resahiko. Avy eo dia mandehana ianareo mankany amin'ny toerana izay misy ny olona rehetra tia anareo, ilay fihetseham-pon'ny fandraisana, tena, oh, oadray, ary afaka mijanona eo mandrakizay ianareo, hitanareo. Izay ilay izy, hitanareo, fanahy ilay izy. Ary ny olona tsy mahafantatra hoe inona izany, manontany tena izy ireo hoe nahoana ny olona no tena simba.

149 Inona no mahatonga ny vehivavy tsara, inona no mahatonga ny vehivavy tsara hanao an'ireny akanjo ratsy ireny dia mandeha mivoaka eny? Inona no mahatonga, na dia amin'izao fotoana izay mbola mangatsiaka izao aza, zazavavy

kely enina ambin'ny folo taona, manao akanjo izay tsy tokony hanaovana eo anatrehan'ny reniny, nefa mivoaka eny an-dàlambe? Izany dia satria, tsy io zazavavy io (io zazavavy io dia tsy mahafantatra tsara mihitsy), fa satria ny mpitory teny eo amin'ny polipitra no diso teo amin'ny fihazonana ny toeran'andraikiny. Tena marina tokoa izany. Azo antoka. Mandeha eny an-dàlambe ireo vehivavy, sy ireo fitafiana miboridana rehetra sy ny sisa tahaka an'izany, ary mijery azy ireny ireo mpanota ka tsy mahafantatra fa meloka tokoa izy satria efa niaina niaraka tamin'io lehilahy io. Jesosy no niteny an'izany! Hoy Jesosy hoe, "Na iza na iza mijery vehivavy ka mila azy, dia efa nijangajanga taminy tao am-pony, ary hamaly ny amin'izany amin'ny andron'ny fitsarana." Ety ny vavahady, ary tery ny làlana!

150 Fantatro fa mihevitra ianareo fa olona sarotiny aho. Tsy sarotiny aho! Rahalahinareo aho, ary tiako ianareo.

151 Mandosira ny fahatezerana izay ho avy! Mandehana mankeo amin'ny hazo fijaliana ary mitomania mandra-pahatongan'ny fonareo ho feno ny Fanahiny, izay hampitodika ny lamosinareo amin'ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao, dia mandehana am-pahamasinana eo anatrehan'Andriamanitra, miaraka amin'ny fonareo mirehitra ho Azy. Fitiavana! Tsy adidy. Tsy adidy i Kristy, ny manompo an'i Kristy, fitiavana no hanompoana an'i Kristy. Izany no misintona anareo, manery anareo, mandra-pahatongan'ny fidobokin'ny fiainanareo hitempo miaraka Aminy. Amin'izany no hahitanareo ny fahotana.

152 Ary nitomany Izy teto an-tany. Izany no nampalahelo an'Andriamanitra tamin'ny andron'i Noa, rehefa nahita an'ireo fo Izy. Ary nipetraka teo amin'ny havoana Jesosy, ka nanao hoe, "Ry Jerosalema, ry Jerosalema, impiry moa Aho no te-hanomba anao, fa tonga ny oranao ary ho lao ny tranonao."

153 Dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'Andriamanitra, vaky ny fon'ireo tena mpino. Hitany amin'izao fotoana izao mihitsy fa tokony hisy fifohazana anankiray hamafa an'ity firenena ity. Ahoana moa no hampisy an'izany amin'ny alàlan'ny andiana zazasary? Ahoana no hampisy an'izany, raha efa voaheloka hatrany am-boalohany izy ireo?

154 Ny Fanjakan'Andriamanitra dia tahaka ny lehilahy anankiray izay nanipy ny haratony tany an-dranomasina, ary, rehefa notarihiny izany, dia nahazo soka-drano, soka-dranomasina, menarana, sahona, ary trondro vitsivitsy. Tsy izy no manapa-kevitra hoe iza, nanipy an'ilay izy teo amin'ny morona fotsiny izy. Izany no ataon'ny Filazantsara. Izany no ataon'i Billy Graham, Oral Roberts, ny tenako, ary ireo mpitory teny hafa rehetra izay mitory ny Filazantsara,

manipy an'ilay izy, misintona an'ilay izy, "Indreo izy ireo, Tompo." Saingy inona no ataontsika isan'andro? Mahita isika, mialohan'ny hahafahanareo miverina indray, dia efa miverina ao anatin'ilay dobo mihitsy indray izy ireo. Inona izany? Hatrany am-boalohany, dia efa soka-drano ilay izy. Tsy nanova azy izany, ny azon'ilay haraton'ny Filazantsara. Efa soka-drano hatrany am-boalohany izy. Efa soka-dranomasina hatrany am-boalohany izy. Efa menarana hatrany am-boalohany izy. Efa mpihatsaravelatsihy talohan'ny mba nidirany tao am-piangonana izy. Tsy manam-paniriana akory aza izy ny hiala amin'ny fisotroany sy ny filokany, ary ny fifohany sy ny fandaingany, sy ny fangalarany. Miditra fotsiny izy satria matahotra ny helo. Manao ny tenanareo mbola ho kandidà amin'izany ianareo, raha manao an'izany ianareo. Marina izany. "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, ka vitsy no hahita azy."

Ndao isika hivavaka.

155 Tompo, oh, diniho aho, Tompo. Tsarao ny momba ahy izao ankehitriny izao, Tompo. Aza mamela ahy ho tonga eo anatrehan'ny fitsarana eo Anatrehanao, rehefa avy nitory teny tamin'izao fomba izao. Oh, raha misy zavatra tsy madio ato amiko, Tompo, esory izany, miangavy aho! Hitanay ny andro izay iainanay, ka ny lehilahy sy ny vehivavy dia manomboka tena mavesatra. Menatra izy ireo. Nilaza Ianao indray mandeha hoe, "Tsy misy tarehy teramena akory aza eo anivon'ireo zanakavavin'i Ziona." Nesorina ny fahamaotinan'izy ireo hany ka tsy teramena intsony mihitsy aza izy ireo. O Tompo, eritrereto izany! Ary ny fahafantarana fa io famantaranandro ery io dia mitohy mikapokapoka, iray minitra na roa fotsiny sisa, dia ho tonga ilay fandravana lehibe, amin'izay fotoana izay dia aoka izay maloto mbola haloto foana.

156 Andriamanitra, fohazy izahay rehetra izao maraina izao. Ozongozony izahay, Tompo! Mahita an'ireo famantarana miseho izahay. Sokafanay ny masonay mba hahafantatra an'izany. Mahita an-tapitrisany, an-tapitrisany izahay, Tompo, izay mampitodika ny lamosiny dia lasa. Manontany tena aho hoe, inona no azoko atao, inona no azoko atao, O Tompo? Misy zavatra anankiray ve, Tompo? Raha mbola mila fitorian-teny betsaka izany, vavaka betsaka, zavatra betsaka, dia ampio aho, Tompo, mba hahafahako mitondra ny Hafatra eo amin'ny olona. Inona no azoko atao? Fa lavin'izy ireo hatrany Izany. Nanao an'ireo Famantaranao lehibe Ianao sy nanao an'ireo Fahagaganao, nefa dia mbola manohy ihany ny olona. Izany ve no Teninao izay tsy maintsy tanteraka, izany ve no andron'ilay "Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy notarihin'ny Raiko izy, ary izay rehetra nomen'ny Raiko Ahy no hanatona Ahy"? Tompo Andriamanitra, ekeo izao maraina izao mba

hifoha ny olona ka hahita an'izao famantarana farany eto an-tany izao. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hanekenao zavatra anankiray ho an'ny olona.

157 Tahio ity vahoaka kely ity izao maraina izao. Andriamanitra, manomboha amin'i Rahalahy Neville, Tompo. Sitrano ny vatany. Marary izy izao maraina izao, Tompo, aretim-bavony. Mivavaka aho mba ny Tànanao manasitrana no ho eo aminy. Hetseho ny fanahiny.

158 Andriamanitra, mitoera eo anivon'ity fiangonana ity. Misy lehilahy sy vehivavy mipetraka eto izay mety tsy ho hitako intsony indray raha tsy amin'ilay andro ao amin'ny fitsarana, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy hanao tatitra aho. Fa namaky ny Teninao aho hoe, "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana, kanefa vitsy no hahita azy." O Tompo, aoka ho ity ilay "vitsy," ny maro amin'izy ireo, Sitrakao ve, Tompo? Ekeo izany ho an'ny olona tsirairay eto.

159 Mivavaka aho tahaka ny lehilahy anankiray afaka mivavaka fotsiny. Tompo, ireto olona ireto dia nanao ny zavatra rehetra ho ahy, manampy ahy arak'izay tratra. Raha noana aho, dia hamahana ahy izy ireo. Raha nila palitao sy pataloha aho, dia hovidian'izy ireo izany. Handeha hiaraka izy ireo ka hividy fiara anankiray ho ahy, mba hitoriana ny Filazantsara. Hanao ny zavatra rehetra izy ireo amin'izany fomba izany. O Ray, diniho ny fanahin'izy ireo izao maraina izao, miangavy aho ataovy, ary aoka izy ireo handinika an'izany eo Anatrehanao. Tsy fantatro, matoky aho fa ny tsirairay amin'izy ireo dia ao amin'ilay Voafidy. Ary ataovy ao, ihany koa, aho Tompo. Ary raha misy antony ato anatiko izay tsy haha-ao ahy, Tompo, Ianao anie hanambara an'izany amiko mihitsy, hahitsiko izao ankehitriny izao mihitsy izany. Te-hahazo antoka aho, Tompo, fa amin'io maraina io dia tsy hisy olana eo amin'ilay renirano. Te-hiditra aho amin'io andro io. Ary tsy fantatro hoe rahoviana izany, mety ho androany izany. Noho izany, dia ampio aho hahafantatra, ampio ireto olona ireto hahafantatra.

160 Ary rehefa hitanay fa ny fonay dia tsy miraharaha! Oh, faly izahay mihaino Hafatra tsara anankiray ao amin'ny radio, na mandeha any amin'ny fiangonana. Ankasitrahanay ny Hafatra tsara anankiray. Tsy mampaninona anay ny miresaka ny amin'i Jesosy any ho any. Saingy, Tompo, tena enta-mavesatra ho anay ve ny fahotana, ka mitondra ranomaso eo amin'ny masonay izany, misento sy mitomany ary mijoro manohitra an'izany, ny zavatra rehetra, ireo fahavetavetana izay ataony eto amin'ny tanàna? Tompo, aoka ilay Anjelin'Andriamanitra hahita an'izany eo aminay, ka hanisy marika anay. Ekeo izany, Tompo.

161 Tena tongava, Tompo Jesosy, ankehitriny ary omàny ny fonay, ka omeo anay ireo Famantaranao marina fa eto

afovoanay Ianao, mba hahafahany hahafantatra fa izahay dia mahazo—mahazo an'ilay famantarana farany mialohan'ny fiafaran'ity taranaka ity.

162 Ary hitanay ny maha-zazasary, fa ny lehilahy dia miaina eto amin'ity firenena ity ka manan-janaka teraka avy tamin'ireo vadin'olon-kafa, ary—ary ireo tovovavy kely eny an-dàlambe, ka an-jatony no voaroaka an-tsekoly isan-taona ary ireo adolantsento lasa reny, ary tsy misy fanajana, ary ahoana ireo vehivavy izay lasa manampoizina, ny tenany, amin'ny fifohana sy—sy fisotroana, ary ireo televiziona sy ny sisa izay manimba ny sain'ireo ankizy. O Tompo, mandra-pahoviana no haharetan'izany? Ary Ianao, Andriamanitra Masina anankiray!

163 O Ray, izaho—izaho dia mahatsapa ho hafahafa androany fa hisy zavatra tsy maintsy ho vita haingana, Tompo. Tsy fantatro izay ho lazaina, fa mivavaka aho, Tompo, mba Ianao no hametraka ao am-ponay izay hatao. Ekeo ireo zavatra ireo, Tompo. Mangataka an'ireo amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

164 Antomotra ny ora. Ny olona tsirairay manan-tsaina izay mandinika, dia mahafantatra fa misy zavatra izay voatendry hiseho. Tsy misy olona iray ato amin'ity tranobe ity, izay manana ny fisainany tsara, ka tsy mahafantatra fa ity izao tontolo izao ity dia tsy hahatanty ny eo ambanin'ireo toe-javatra ireo.

Tsy mahatanty isika, ry sakaiza. Tsy misy zavatra anankiray, amin'ny maha-pasiteranareo sy rahalahinareo, tsy misy zavatra anankiray izay afaka mitari-dàlana anareo izao maraina izao afa-tsy Jesosy Kristy. Tsy misy zavatra iray izay mba fantatro. Eritrereto fotsiny ireo zavatra izay voaminany ho tonga mialohan'ny hisian'ny Fampakarana, ny zavatra rehetra izay fantatro dia efa natao tanteraka.

165 Hoy ianareo hoe, "Ahoana ny amin'ny mariky ny bibi-dia?" Tsy maintsy tonga ao amin'ilay Fahoriambe izany. Ho lasa ilay Fiangonana amin'izay fotoana izay. Tsy mila hasiana marika ireo, efa lasa ireo, hitanareo. Efa nandeha ny fanisiana marika ankehitriny. Ny fanisiana marika dia fanehoana miharihary, ilay marika. Mandosira mankany amin'Andriamanitra, mandosira mankany Aminy haingana!

166 Manontany tena aho izao maraina izao, raha miandry eto iray minitra fotsiny isika. Ary mahatsapa tahaka anareo aho. Izaho—izaho dia afaka mahatsapa ny fahatsapanareo, ny tsirairay aminareo dia miezaka mieritreritra hoe, "O Andriamanitra, diniho aho!" Izany no fomba hahatsapako, ihany koa. Fantatro fa ny Hafatra tahaka an'izany, ry sakaiza, dia tsy malaza eo anivon'ny olona. Manameloka azy ireny ianareo ary ianareo man-. . . ianareo—ianareo dia

mampietry azy ireny fotsiny. Tokony hisy olona anankiray hanao an'izany. Maniry aho mba ho olon-kafa anankiray ilay izy. Saingy raha anjarako ny manao an'ilay izy, raha tsy maintsy ho ilay vehivavy mpiborosy trano aho, dia avelao aho hiborosy. Raha izaho no . . . Hoy i Davida hoe, "Aleoko ho famafan-tongotra ao an-Tranon'Andriamanitra, toy izay hitoetra ao anatin'ny trano lay miaraka amin'ny fahotana." Marina izany. Izay rehetra tian'Andriamanitra ataonareo, dia ataovy izany. Aza menatra. Raha misy . . .

167 Ary, tsarovy, fantatro fa zavatra lehibe anankiray izany. Hoy ianareo, "Rahalahy Branham, milaza ianao fa fanahy valo ihany no ho voavonjy?"

168 Tsy fantatro hoe firy ny ho voavonjy, tsy afaka miteny aminareo aho. Saingy zavatra anankiray no lazaiko: tena ho vitsy izy ireo, amin'ny andro anankiray tahaka an'izao. Eritrereto fotsiny, tamin'ilay andro izay naha-teto Azy, firy no voavonjy. Eritrereto ny andron'i Noa, sy ny andron'i Lota—Lota, sy izy rehetra, hoy Izy hoe, "Dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona, satria, èty ny vavahady, ary tery ny làlana." Hitanareo, miditra irery ianareo, miaraka Aminy, dia izay ihany. Hitanareo? "Kanefa vitsy no hahita azy." Firy no mino fa izany no Fahamarinan'ny Filazantsara? Jesosy Kristy no niteny an'izany, "Vitsy no hahita azy." Tena vitsy kely mihitsy. Aoka ho anankiray amin'ireo vitsy ireo. Fantatro fa sarotra izany, ezaka mafy ilay izy. Ary izany no mitarika ahy hilaza an'ilay izy, mahatsapa an'ilay fitiavan'olombelona ho anareo, saingy ny fitiavan'Andriamanitra no manery ahy hiteny aminareo.

169 Ankehitriny, ilay Fanahy Masina iray ihany izay niasa tamin'ny andron'i Abrahama, niasa tamin'ny andron'i Kristy, no nampanantena fa ho eto hanao an'ilay zavatra mitovy. Eto Izy. Ankehitriny, raha niteny ny Fahamarinana taminareo aho, dia voaterin'io Fahamarinana io Andriamanitra.

170 Raha tsy mihazona ny teniko aho, dia tsy olona mahatana ny teniko aho. Raha tsy mihazona ny teninareo ianareo, dia tsy olona mahatana ny teninareo ianareo. Ankehitriny, mety nampanantena zavatra anankiray anareo aho ka tsy afaka nanao an'ilay izy, nefa—nefa ho tonga aho hiteny aminareo. Raha anananareo zavatra aho, ka miafina anareo, dia mpihatsaravelatsihy anankiray aho. Raha tonga aho miteny aminareo hoe, "Anananao aho, fa tsy afaka mandoa aminao, saingy hanao izay tsara indrindra azoko atao aho," amin'izay fotoana izay dia mamela ahy ianareo ka hanampy ahy. Hitanareo?

171 Isika rehetra dia ananan'Andriamanitra zavatra. Ananany ny fiainantsika isika. Aoka isika hahatoky amin'izany. Mandehana dia mitenena . . . Aza miteny hoe, "Eny, jereo ankehitriny, izaho dia—izaho dia Presbyterana.

Izaho dia Metodista. Izaho dia Pentekotista. Izaho dia Fiangonan'Andriamanitra. Izaho dia Nazariana. Izaho dia Mpivahinin'ny Fahamasinana." Aza mieritreritra an'izany! Hisy an-tapitrisany amin'ireo no ho any amin'ny helo. Aoka ho Kristiana ianareo, ao amin'i Kristy.

172 Firy no hiteny hoe, "Rahalahy Branham, tsarovy am-bavaka aho ankehitriny, te-hitsangana aho"? Andriamanitra hitahy anareo.

173 Tompo, Hitanao ny tànan'izy ireo. Izao no ora, ilay Fanahy Masina lehibe no nampangina an'ity tranobe ity izao maraina izao. Tsapako ny Fanatrehanao. Fantatro fa eto Ianao mba hanaja ny Teninao hoe, "Izaho no Tompo izay namboly, ary Izaho no hanondraka azy andro sy alina, mba tsy hisy hanongotra azy eo amin'ny Tànako." Nandefa ny Teninao Ianao hanao tanjona anankiray, ary Izy dia—Izy dia tsy maintsy hanao an'io, Tompo. Ny Soratra no milaza fa Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

174 Tsy nety nino izy ireo, ireo olona tamin'ny Andronao dia tsy nety nino fa ny Fanahy Masina no tao Aminao. Ary Ianao no nanao ny Tenanao (izay Olona) ho Andriamanitra, fa, ianao no Zanak'Andriamanitra nateraky ny virijiny izay tonga teto an-tany mba hanavotra anay amin'ny fahotanay. Ary satria dia nahita an'ilay Fanahin'Andriamanitra tao Aminao izy ireo, dia niezaka nanao an'izany ho hafa izy ireo. Ary niteny amin'izy ireo Ianao, Tompo, "Tsy Izaho no manao ny asa, fa ny Raiko izay mitoetra ato Amiko. Izy no manao ny asa. Raha miantso an'i Abrahama ho 'rainareo' ianareo. Abrahama dia nahita ny Androko." Azo antoka, nahita izy, rehefa nitsangana teo Akaikiny, nahita Azy nanao an'ilay asa sy famantarana. "Nahita ny Androko izy ary faly." Hoy Izy, "Diso ianareo, tsy mahafantatra na ny Soratra na ny Herin'Andriamanitra, hoe ahoana no nanalofan'Andriamanitra virijiny anankiray, ka niteraka Zazalahy (tamin'ny alàlan'ny fahaterahana ara-virijiny) ka nampitoetra ny Tenany tao amin'ny fahafenoan'ny Heriny, tao amin'io Lehilahy anankiray io."

175 Ary ahoana no Nahafahany naka an'io Rà iray io ihany avy tao amin'io Vatana izay natolony ho Fanatitra io, ka nanamasina vahoaka anankiray izay hahafahan'ny Tenany hiaina ao, manohy ny Asany hatramin'ny faran'ny fahafonganana! O Andriamanitra, fohazy ny olona mba hahita an'izany. Ekeo izany. Vonjeo ny tsirairay izay nanangana ny tànany. Diovy ny fon'izy ireo. Tompo, mitsangana ny tànako. Diovy aho, O Tompo. Ity no tranon'ny fanitsiana. Ity no toerana izay tsy maintsy hanasana anay. Aoka ny Fanahy Masina hanasa anay izao maraina izao, ka hanadio anay amin'ny fahalovana.

176 Mivavaka izahay, Tompo, mba tsy hisy olona anankiray hiala eto ka tsy ho feno ny Fanahinao. Angamba tsy hisy fihetseham-po anankiray avy any ivelany rehefa miseho izany.

Fa, Tompo, mandrosoa ao anaty, esory ny akora ka asehoy anay izay maha-izy anay, Tompo. Ekeo izany. Ary avy eo dia fenoy ny Fanahinao izahay, miaraka amin'ny fo izay marina sy madio. Ary amin'izao andron'ny fanenjehana sy fizahan-toetra mafy izao, dia hiha-mamy sy hiha-malala aminay Ianao raha manohy mandeha izahay, miandry an'io andro io. Raha mikoriana amin'ny takolakay ireo ranomaso, noho ny fahotan'ny tanàna, dia enga anie hiondrika ny Fanahy Masina ka hanao hoe, "Ity no anankiray izay Azoko asiana marika, Ahy izy, Ahy izy." Ekeo izany, Tompo. Enga anie ho hita eo anivonay izany. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Rehefa tonga eo amin'ilay renirano aho
amin'ilay fiafaran'ny andro,
Ka hitsoka ireo rivotry ny alahelo farany;
Hisy Olona anankiray hiandry mba hanoro
ahy ny làlana,
Tsy hiampita irery an'i Jordana aho.

Tsy hiampita irery an'i Jordana aho,
Maty Jesosy mba hisolo ny otako rehetra;
Rehefa hitako ny aizina, dia hiandry ahy Izy,
Tsy hiampita irery an'i Jordana aho.

177 Te-hahafantatra Azy aho ankehitriny. Raiso ny tànako, Tompo sarobidy, tariho aho, avelao aho hijoro. Avelao aho hijoro eto, Tompo, hanohitra ny zavatra rehetra izay antsoina hoe ratsy, ny zavatra rehetra izay miseho ho ratsy. Tsy ahoako izay lazain'ny olona, avelao aho hijoro, Tompo. Rehefa avy nanao izay rehetra azoko atao aho, dia ampio aho hijoro. Raiso ny tànako ary ampitao amin'izany aho, Tompo. Manaova zavatra, avelao aho hijoro. Rehefa tonga ireo zavatra ireo, sy ireo harenan'ity izao tontolo izao ity ary ny famirapiratany rehetra ary ny voninahiny; dia ajambao amin'izany ny masoko, avelao fotsiny aho hahita Azy Izay maty ho ahy. Raha ny sakaiza rehetra izay ananako no vidin'izany, raha ny zavatra rehetra izay ananako no vidin'izany; tsy misy dikany izany, afoiko eto amin'ny alitara izany rehetra izany. Izay no izy, avelao aho hijoro mahatoky. Ary indray andro any rehefa hitsoka amin'ny tarehiko ilay fofon'aina, ka fantatro fa lasa ny foko ary mifarana ny androko, ka tapitra ny fotoako ary nesorina teo amin'ny fihantonany ny karatro, dia tsy te-hiampita irery an'i Jordana aho. Ho eo Izy. Hia. Rehefa hitako ny aizina, hiandry ahy eo Izy, tsy hiampita irery an'i Jordana aho. Raha hijoro ho Azy aho ankehitriny, dia hijoro ho ahy Izy amin'izay fotoana izay. Hiaina ho Azy Izay maty ho ahy aho, toy ny ahoana ny fahasambaran'ny fiainako amin'izay fotoana izay. Izany no fomba tiako hijoroana.

178 Ataoko fa misy olona marary eto. Efa nizara karatra ve izy? Adinoko. Efa nizara karatra ve izy ireo? Misy karatra voazara ve? Misy olona manana karatra ve? Tsia.

179 Miandry ny Fanahy Masina fotsiny aho. Raha mino fotsiny ihany ianareo, manàna finoana fotsiny, aza misalasala. Raha hambaran'Andriamanitra amiko ny aretinareo. . . Na inona izany na inona, tsy fantatro; raha manangana ny tànanareo ianareo, ianareo tsy mahafantatra ahy ary izaho tsy mahafantatra anareo. Amin'izay fotoana izay raha hanambara Andriamanitra eto, dia hino ve ianareo fa izany dia ilay Anjely iray ihany izay nitondra an'ilay Hafatra talohan'ilay fandravana tany, ho io Anjely iray io ihany no nitondra an'izany ankehitriny alohan'ny fandravana anankiray hafa. Hino an'izany ve ianareo? Raha hino ianareo, dia atsangano ny tànanareo. Eny àry. Eny àry, enga anie ny Tompo hanaiky an'izany.

180 Mipetraka eto akaikiko Izy. Misy anankiray hafa mipetraka eto akaikiko, dia Rtoa. Snyder eto, na ity Rtoa. Murphy eto, izay no anarany, mipetraka eto mihitsy. Fantatro izy ireo.

181 Tsy fantatro ity lehilahy ity, vahiny amiko izy. Saingy Andriamanitra no mahafantatra azy. Raha hambaran'Andriamanitra amiko ilay izy ankehitriny, firy aminareo no mahafantatra fa izany dia tsy. . .

182 Aza mijery ahy. Oadray, izaho dia tambanivohitry ny havoanan'i Kentucky, tsy misy ankoatran'izay. Izaho—izaho aza tsy manam-pahaizana firy, zara, mba—mba hanoratana ny anarako manokana. Saingy misy zavatra anankiray izay fantatro, fantatro Izy. Ary izany, izany no—izany ihany no mahaliana ahy. Ankehitriny, aza—aza miraharaha an'izay gramerako.

183 Ary mety hieritreritra ianareo fa ny toriteniko tamin'ity maraina ity dia tsy nifanitsy sy ny sisa, ampifanitsio amin'ny Baiboly indray mandeha ilay izy dia jereo raha eo amin'ny zero an'ilay fikendrena mihitsy ianareo. Jereo raha tsy ao ny masolavitrareo rehefa ianareo—rehefa ianareo mametaka azy eo. Aza ampifanitsiana amin'ny fihevitrareo manokana izany, fa ampifanitsio amin'izay Nolazainy. "Ety ny vavahady, tery ny làlana, ka vitsy no hahita azy; satria lehibe ny làlana izay mitondra any amin'ny fandravana, ary malalaka ny vavahady, ka maro no hiditra any," an-tapitrisany tapitrisa no hiditra ao. Iray amin'ny iray tapitrisa no mety hahatongavan'izany. Eo ianareo izao. Izany no Nolazainy. Ankehitriny, tsy nanome an'io isa io mihitsy Izy, saingy hoy Izy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, fanahy valo. Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, telo." Avy tao amin'ilay zavatra manontolo, dia telo no voavonjy, tamin'ny afo. Dia ho toy izany koa!

184 Ankehitriny, raha tena ara-panahy ny olona anankiray, dia tiako ianareo hijery an'ity lehilahy mipetraka eto ity, mandinika ahy maharitra fotsiny arak'izay azony atao izy. Nanangana ny tànany, tsy mahafantatra azy aho; tsy mbola nahita azy mihitsy, ary tsy mahafantatra na inona na inona

momba azy aho. Mipetraka eo fotsiny izy ary mijery ahy. Fa, hitanareo, manao fifandraisana anankiray izy, mivavaka izy. Ankehitriny, marina izany. Ankehitriny, raha hiteny amiko ny Tompo . . . Io lehilahy izay mipetraka lavitra ahy io, ary izao no ora voalohany fihaonanay, ary io izy mipetraka eo. Raha hanambara amiko ny Tompo hoe inona izy—inona izy . . . Izaho—izaho tsy manasitrana azy. Tsy manasitrana aho, tsy afaka manao an'izany aho, satria Andriamanitra no efa nanao an'izany. Fa hampitombo ny finoanareo izany. Mahita ny olona rehetra ankehitriny, eto mihitsy Izy, ilay Fanahy iray ihany mihitsy. Ary tsarovy, Jesosy no nampanantena an'izao, mialohan'ny andro farany. Izany foana ilay famantarana farany.

185 Indray andro, nipetraka teo an-dàlambe i Leo sy izaho, ary ny sasany taminay mba hiresaka. Ary tsapako hatrany fa hisy fiovana anankiray ho avy, fiovana anankiray ho avy. Rehefa niresaka ny amin'izany izahay, tsy ho fiovana anankiray ao amin'ny asam-panompoako ilay izy, satria tsy mety intsony izany, fa ho fiovana ato amiko ilay izy. Izaho dia malemy anankiray foana ary mamela ny olona hitarika ahy sy hitari-dàlana ahy, haniraka ahy amin'*ity* làlana ity sy *itsy* làlana itsy. Raha nanao zavatra izay nolazain'ny Tompo tamiko efa ela fa hatao aho, dia tsy ho ao anatin'ny olana tahaka ny misy ahy androany izao aho. Hivoaka aho amin'ny herinandro ho avy mba ho irery miaraka amin'Andriamanitra. Eny, tompoko. Izaho—izaho tsy maintsy mandre avy any An-danitra. Tsy te-ho malemy anankiray aho, te-hijoro amin'ny faharesen-dahatro manokana aho.

186 Ity lehilahy ity, miverina any aminy foana ilay izy, mipetraka eo aoriana eo mihitsy izy, satria mino io lehilahy io, mino tokoa izy. Mandinika ny mpanatrika aho na aiza na aiza, fa miverina any amin'ilay lehilahy avy hatrany foana ilay izy. Manana ilaina izy, mavesatra entana izy, saingy mavesatra entana ho an'ny olona hafa anankiray izy. Marina izany. Mivavaka ho an'ny olona hafa anankiray ianao. Manana olona hafa anankiray ianao ao amin'ny fonao. Marina izany, sa tsy izany? Sakaiza anankiray ilay izy. Raha ho lazaiko anao hoe inona ilay manjo an'io sakaiza io, dia hino ahy ho mpanompon'Andriamanitra ve ianao? Alikaolika izy. Marina izany. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao.

187 Mino ve ianao? Nisy olona teto nanangana ny tànany, vehivavy itsy aoriana itsy, olona anankiray. Eny. Hia. Tsy mahafantatra ahy ianao? Vahiny aminao tanteraka aho? Tsy mahafantatra anao aho, fa Andriamanitra no mahafantatra anao. Mino an'izany ve ianao? Raha hambaran'Andriamanitra amiko izay ao am-ponao, dia hino ahy ho Mpanompony ve ianao? Ramatoa kely, ny olanao dia mikasika an'io zazakely eo io. Marina izany. Ary io zazakely io dia aretin-koditra

eo amin'ny tarehiny. Tsy afaka nanao na inona na inona tamin'izany ny dokotera. Vahiny ianao eto, ary ianao sy ny malalanao no mipetraka eo. Mino ve ianao fa afaka miteny amiko Andriamanitra hoe iza ianao na avy aiza ianao? Mino an'izany ve ianao? Hanaiky ny fahasitranan'ilay zazakely ve ianao raha hanao Izy? [Hoy ilay ramatoa hoe, "Eny."—Mpand.] Eny àry, afaka miverina any Somerset ianao, Kentucky, izay nihavianao. Ary minoa fa ho tsara izy, ny aretin-koditrao dia hiala amin'ilay zazakely raha mety mino an'izany ianao.

188 Rehefa nanonona an'izany teny izany aho, dia nisy olona nitsangana tery aoriana tery ato amin'ny efitra, avy any Somerset, Kentucky, mivavaka, miaraka amin'ny aretim-po. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia hanao azy ho tsara? Raha mino an'izany amin'ny fonao rehetra ianao, ka mino fa Andriamanitra no hanasitrana sy hanao ho tsara.

189 Eto, indro, mino aho fa nisy tànan'olona nitsangana teto amin'ity mihitsy, teto mihitsy, ramatoa anankiray. Hia, hitako ny tànanao. Vahiny aminao ve aho, ramatoa? Tsy mahafantatra anao aho. Tsy mbola nihaona mihitsy isika. Mino ahy ho Mpanompony ve ianao? [Hoy ilay ramatoa hoe, "Eny."—Mpand.] Mino ianao? Manana enta-mavesatra ianao ao amin'ny fonao, na zavatra anankiray. Mino ve ianao raha afaka hanambara an'izany amiko Andriamanitra, mino ve ianao fa Izany ilay Fanahy iray ihany izay tao amin'i Kristy? Ny vadinao izay mipetraka eo, izy ve mino an'ilay zavatra mitovy, ihany koa? Hino an'ilay zavatra mitovy ve ianareo? Ilay izy dia mikasika ny zanakareo vavy kely izay mipetraka eo akaikinareo io. Marina izany, tratran'ny homamiadana izy. Saingy mino ve ianareo fa hanasitrana azy Andriamanitra? Raha mino ianareo, dia atsangano ny tànanareo. Eny àry, apetraho eo ambonin'ilay zaza ny tànanareo.

190 Tompo Jesosy, eo amin'ny Fanatrehan'ny Fanahinao, dia manameloka ny devoly izay mamono an'ilay zaza aho. Apetrako, amin'ny alàlan'ny finoana, ny Ràn'i Jesosy Kristy eo anelanelan'io mpamono io sy ilay zaza. Avelao izy ho velona. Amena.

191 Manàna finoana an'Andriamanitra. Aza misalasala. "Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra." Raha mety mino ianareo, dia azo atao ny zavatra rehetra. Izany tokoa.

192 Nisy olona anankiray hafa tery aoriana nanangana ny tànany, any ho any, ianao, ramatoa anankiray ery amin'ny farany ery. Mino ahy ho mpanompon'Andriamanitra ve ianao? Tsy mahafantatra anao aho, ianao tsy mahafantatra ahy. Mino ve ianao fa afaka manambara amiko Andriamanitra hoe inona ny aretinao? Hanaiky an'i Jesosy ho Mpanasitrana anao na Mpanome ve ianao, na inona na inona ilay izy—na inona na inona izany. Mino an'izany ve ianao amin'izay fotoana izay? Eny àry,

koa io fikorontanan-tsaina izay mahazo io, izay no mahazo anao. Raha marina izany, dia mitsangàna ianao, raha marina izany, mba hahitan'ny olona fotsiny fa izany no fahamarinana. Eny àry, hiala aminao izany ankehitriny. Mandehana ianao mody ary aoka ho tsara. Andriamanitra hitahy anao.

Ianao dia avy any Kentucky, ihany koa. Ah-hah, marina izany.

193 Ilay ramatoa mipetraka eo akaikinao io dia avy any Kentucky, ihany koa. Izy, ihany koa. Tsy mahafantatra anao aho, sa tsy izany? Saingy afaka miteny aminao aho fa misy zavatra tsy mety aminao. Raha afaka miteny aminao aho hoe inona no tsy mety aminao, dia hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjinao ve ianao? Ny valahanao ilay izy. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao, ataovy ambony mba ho hitan'ny olona. Eny àry, mandehana mody ankehitriny, hiala aminao izany. Ny finoanao no manao anao ho tsara.

Mihaika anareo aho mba hino. Mihaika ny finoanareo aho mba hino.

194 Indro mipetraka eto ny vehivavy anankiray, mivavaka, mametraka ny mosarany eo amin'ny tarehiny. Tsy mahafantatra anao aho. Andriamanitra no mahafantatra anao. Avy any Joliet ianao, Illinois, ary tratry ny fivontosana anankiray ianao. Tena marina tokoa izany. Mety manontany tena ianao . . . (Eny, io ilay—io ilay nentin'ilay vehivavy Rosella. Marina izany. Andraso, niresaka tamiko ny amin'io izy, saingy tsy fantany mihitsy hoe tsy nahafantatra an'ilay vehivavy aho. Marina izany. Maneho fotsiny izany fa lehibe ny finoan'ilay vehivavy.) Hiteny aminao zavatra anankiray aho izay ianao—ianao dia mahafantatra fa tsy fantatro. Mivavaka ho an'io zaza mipetraka eto amin'ny faran'ny seza io ianao, izay marary. Zanakao io. Marina izany. Amena. Fantatrao fa tsy nahafantatra an'izany aho.

195 Izy Izany, ny Fanahy Masina Izany! Mino Azy ve ianao? Manaiky Azy ve ianao? Koa raha marina izany, izay nolazaiko nikasika ny "èty ny vavahady, ary tery ny làlana" dia marina. Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, dia eto mihitsy ankehitriny. Ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona dia eto mihitsy. Mino Azy ve ianao? Koa, mba hamela anao hahafantatra fa izaho dia tsy olona manasitrana, izaho tsy mpanasitrana, fa ny Fanahin'Andriamanitra fotsiny no nifidy ahy haneho ny Tenany. Tsy manana fahaizana aho. Tsy manana fahalalana na inona na inona aho. Fa ny Fanahiny no manao an'izany, hitanao, ary Tiany ho fantatrao fa niteny taminao ny Fahamarinana aho.

196 Izao no Fahamarinana, dia Jesosy Kristy no manao ny tsirairay avy aminareo ho tsara izao ankehitriny izao raha hino an'izany ianareo. Ankehitriny tena tahaka . . . Raha niasa Izany tany Kingston, izay ireo misionera, na iza na iza ato aoriana ato, no nahita an'Izany niasa tany Kingston, tamin'ny

alàlan'ireo an'arivony izay sitrana, nahoana Izany no tsy hiasa eto amin'ity Amerika ity amin'izay ananantsika ankehitriny? Nahoana isika no tsy mety mino an'izany? Satria isika tsy afaka miampita an'ilay rian-drano kely ery io. Mino an'izany ve ianareo? Atsangano ny tànanareo.

197 Ankehitriny, ireo tànana ireo ihany, apetraho eo amin'ny olona akaikinareo, avelao aho hivavaka ho azy avy eto mihitsy, ary aza misalasala intsony ianareo ao am-ponareo, izay no hamarana an'ilay izy.

198 Oh, oadray, Rahalahy Neville! Toy ny inona ny naniriako, toy inona ny nivavahako, toy ny inona aho. . . Mety mieritreritra ianareo fa tsy tompon'ny tenako aho; tsy izany aho. Fantatro tsara izay misy ahy. Raha mba vitako fotsiny ny mampita an'io zavatra kely io aminareo! Mino ve ianareo fa Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, no eto afovoan'ny olona izao maraina izao, izao ankehitriny izao, manatrika izao ankehitriny izao, maneho ny Tenany?

Eny, hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, *ianao* no nilaza an'izany."

199 Ahoana no nilazako an'ilay izy? Izaho tsy mahafantatra anareo. Io misy vehivavy hafa anankiray miaraka amin'ny TB. [Tiberkilaozy—Mpand.] Sitrana ianao, ranabavy. Hotahiana ianao. Manao azafady aminao aho, nivavaka ho an'ny vehivavy anankiray voan'ny TB ianao, satria vehivavy anankiray fotsy volo ilay izy. Hia. Eny àry, minoa an'izany. Eny àry. Eto Izy. Ny Fanatrehany izany.

200 Ankehitriny, izao no Nolazainy, "Ireto famantarana ireto no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana izy ireo." Ahoana no Hahafahany handainga? Hitanareo, tsy eo Aminy izany, tsy eo amiko izany, ankehitriny eo aminareo izany. Ankehitriny minoa ianareo.

201 Mijery vehivavy kely anankiray aho mipetraka ery aoriana ery izao ankehitriny izao, manana finoana betsaka izy. Izy sy ny vadiny vao avy nanatona ny Tompo. Nipetraka teto amin'ity fivoriana ity mihitsy izy, nanana fivontosana anankiray izay saika ho didian'ny dokotera mialoha mihitsy, fa ny zanany efa teo an-dàlam-pahaterahana. Ary saika handidy azy ny dokotera taorian'izany, saingy teraka ilay zaza ary tsy nahita an'ilay fivontosana intsony izy ireo. Lasa tanteraka ilay izy. Hitanareo? Nahoana? Nipetraka fotsiny izy tahaka. . . Tsy niakatra tety amin'ny lampihazo tahaka an'izao mihitsy izy. Nipetraka teo aoriana teo izy ary nino an'ilay izy. Tsy marina ve izany, Rtoa. Green, mino aho fa izy io, ery aoriana ery? Marina izany. Hitanareo ve ny tànany? Tsy nahita an'ilay hernia mihitsy aza ilay dokotera, lasa tanteraka ilay izy. Nahoana? Nino an'izany izy, namindra nivoaka fotsiny ka nanao hoe, "Marina izany!"

202 Ankehitriny manaova tahaka an'izany ianareo, dia tsy maintsy hiala ny fahoriana rehetra izay mahazo anareo. Andriamanitra, Iza no afaka—Iza no afaka mandefa Zavatra ao anatin'ny vatan'olombelona anankiray, ho any amin'ilay matoatoan'ny kaikitr'ilay menarana izay teo amin'ny tongotr'io lehilahy io, nanampoizina, mba hamono azy, ka nampijanona azy ary namono azy teo avy hatrany, mihoatra noho izany no Hahafahany mamono an'ireo aretina ao anatin'ny vatanareo. Satria, tao anatin'ny fahoriana io lehilahy io ary tsy maintsy nila vonjy izy. Ianareo dia tsy maintsy, ihany koa. Raha tsy mahazo an'ilay izy ianareo, dia maty ianareo.

203 Ankehitriny tazony eo ambonin'ny anankiray hafa ny tànanareo. Aza mivavaka ho an'ny tenanareo, mivavaha ianareo ho an'ilay olona akaikinareo. Izany no fanao Kristiana.

204 Ianaro izao, ianaro izao, fa, izay ataonareo amin'ny hafa, dia ataonareo amin'i Kristy. Rehefa tsara amin'ny olona hafa anankiray ianareo, dia ho tsara amin'i Kristy ianareo. Raha ratsy fitondrana olona hafa anankiray ianareo, dia ratsy fitondrana an'i Kristy ianareo. Oh, oadray!

205 Oh, raha mba afaka mampita an'izany fotsiny aho, raha mba afaka mamela ny olona hahita an'izany fotsiny aho, izay jereko sy izay tsapako, ary izay fantatro fa miseho, hitanareo. Ahoana no hanosehan'i Kristy aorian'izany Hafatra izany izao maraina izao, mba hilentika lalina ao am-pon'ny olona ka hamorona zavatra ao; tsy fahataitairana anankiray, tsy fihetseham-po anankiray (miaraka amin'ilay izy izany), fa hamorona finoana tsy mety maty ao izay tsy hiteny, tsy hanome tondro iray ho an'ny fahavalo.

206 Ankehitriny, handre ny fivavako Izy, handre ny anareo Izy. Mifampivavaha ianareo ankehitriny, raha hivavaka ho anareo rehetra aho.

207 O Tompo, ity fotoana sarotra lehibe ity, dia fantatray fa hanao an'ilay fahasamihafana eo amin'ny fahafatesana sy ny fiainana izany, ho an'ny maro. Ary mangovitra aho eo amin'ny Fanatrehanao, satria fantatro, Tompo Andriamanitra, fa tsy maintsy mivavaka amin'ny foko rehetra aho. Fantatro fa na dia mety tsy misy olona marary intsony aza eto afovoanay ao anatin'ny dimy minitra manaraka, fa ny olona rehetra eto dia hanaiky fa eto Ianao. Indro izy ireo mitsangana izao maraina izao, Tompo. Avelao ireto olona ireto hanangana ny tànany dia izay mahafantatra fa tsy mahafantatra azy ireo aho, ary na inona na inona momba azy ireo. Fa ny Fanahinao no mahafantatra azy ireo. Fantatrao ny zava-miafin'ny fon'izy ireo, mihoatra noho izany no Hahafantaranao ny fahorian'izy ireo sy ny fijalian'izy ireo! Noho izany, Tompo, aoka mba ho androany, aoka mba ho izao mihitsy aza no hikasihan'ny Fanahinao an'ireo vatana mararіny. Ekeo izany, Tompo. Mifampivavaka izy ireo.

208 Ary mivavaka aho, Andriamanitra Malala, mba hanao an'ilay ho tena misy amin'izy ireo ilay Fanahy Masina, ka tsy izy ireo anie no tsy hino an'ilay izy intsony indray. Ary misy aretina hafa anankiray, Tompo, izay lehibe lavitra noho ny aretina ara-batana, dia ny aretim-panahy anankiray. Enga anie ny fo tsirairay hisokatra.

209 Tompo, ahoana moa izany fa Ianao no nitsangana teo akaikin'i Abrahama, ka nanao an'io zavatra mitovy io, niteny tamin'i Saraha izay tao "Aorianao," hoy ny Soratra hoe, "tao anatin'ny trano lay izy no nihomehy," ary niteny taminy Ianao. Ary fantatr'i Abrahama fa io no Elohima, ilay Andriamanitra lehibe. Tao anatin'ny minitra vitsy dia nanjavona tsy hitan'ny masony Ianao.

210 Ary, Tompo, rehefa nitsangana Jesosy ka nanao an'ilay zavatra mitovy, ary nanao hoe, "Ianareo miantso an'i Abrahama ho 'rainareo,' ary mbola milaza koa ianareo fa mahafantatra ny Soratra ianareo." Hoy Izy, "Diso ianareo, tsy mahafantatra na ny Soratra na ny Herin'Andriamanitra." Ary nantsoin'izy ireo hoe "Belzeboba" Izy.

211 Saingy Ianao no nampanantena fa amin'ny andro farany dia handrotsaka ny Fanahinao indray Ianao. Hoy ny mpaminany hoe, "Amin'ny andro hariva dia hisy Mazava." Ary eo izahay izao.

212 Raha mikodiadia ao ambanin'ny fahotana ity izao tontolo izao zazasary ity, tahaka ny lehilahy mamo anankiray mivembena mody ao an-trano amin'ny alina, tsy ho ela dia hipoaka eo afovoany izy, tsy hisy vovoky ny volokano intsony akory aza, zara, ho tavela amin'izany. Ary hitany ny andro fa mandeha mipipika.

213 O Andriamanitra, esory aminay ny fisalasalana rehetra. Ampidiro amin'ilay fotoana izahay izao ankehitriny izao. Tongava, ry Fanahy Masina. Velaro ireo Elatrao lehibe, misidina eo ambonin'ity olona mpanatrika kely ity izao ankehitriny izao, ka aoka ny Tenanao hanenika ny fonay, ary aoka izy ireo hahafantatra fa Ianao no ao anatin'ny Fanatrehanao Masina, fa Ianao no, "Izaho no Tompo Izay manasitrana ny aretinao rehetra." Ary enga anie ny Fanatrehanao hanao zavatra eo amin'ny fon'izy ireo ka hanao azy ireo hivoaka, izao maraina izao, hino miaraka amin'izay rehetra ao anatin'izy ireo. Ary enga anie ny olona marary sy ory rehetra ho sitrana.

214 Satria, amin'ny maha-Mpanomponao, dia mitsangana aho ary manameloka ny devoly rehetra, manameloka ny aretina, manameloka an'i Satana.

215 Resy ianao, ary tsy misy afa-tsy fihamboana anankiray fotsiny ianao. Ary esorinay amin'izany ny tànanao izao maraina izao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ary amin'ny maha-Mpanompony, mitory ny Teniny sy miteny amin'ny

olona ny Fahamarinana, mba hahitsy sy hilahatra amin'ny Tenin'Andriamanitra, dia manameloka anao aho, Satana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Mialà amin'ny tsirairay amin'ireto olona izay avy any lavitra sy akaiky ireto, mba ho sitrana. Mialà amin'ity mpanatrika ity sy ity vahoaka ity ianao. Miangavy anao amin'ny alàlan'ilay Andriamanitra velona aho. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Ny fivavahana mandaitra, mahery an'ny olo-marina anankiray dia hanan-kery betsaka." Ary olo-marina maro no mametraka ny tànany eo amin'ny marary, eto izao maraina izao. Oh, Satana, tianao ny hanao an'izy ireo hihevitra fa izaho izany, amin'izay fotoana izay dia hanala ny voninahitra eo amin'izy ireo ianao. Saingy izany dia ny finoan'izy ireo an'Andriamanitra, ihany koa, mino an'Andriamanitra izy ireo! Ary tsy maintsy miala ianao, amin'ny alàlan'ny finoan'izy ireo. Koa zory ny dianao miala eto, ary mandehana mankao amin'ny aizina any ivelany izay misy anao. Manameloka anao aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, amin'ny alàlan'ny fahefan'ny Baibolin'Andriamanitra, ny fanirahana ahy tamin'ny alàlan'ny Anjely anankiray. Ankehitriny mandehana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary avelao izy ireo ho afaka. Amena.

216 Mino ve ianareo, amin'ny fonareo rehetra, fa sitrana ianareo? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Manaiky an'i Jesosy Kristy ho Mpanasitrana ahy aho ankehitriny. Nanjavona niala tamiko ny aloka rehetra. Manaiky Azy aho ankehitriny ao amin'ny fahafenoan'ny Heriny, ao amin'ny fahasambaran'ny Fanatrehany. Manaiky Azy aho."

Ny finoako miandrandra Anao,
Ianao ry Zanak'ondrin'ny Kalvary,
Mpamonjy masina;
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny heloko rehetra,
Ka aza mamela ahy ho very làlana
Hanalavitra Anao.

Ankehitriny ndao isika hanangana ny tànantsika tena am-pahamamiana tokoa ho Azy ankehitriny.

Raha làlan-tsarotra maizina no andehanako,
Ka mitombo manodidina ahy ny fahoriana,
Aoka Ianao ho Mpitari-dàlako, O Andriamanitra;
Didio ny aizina hivadika ho andro,
Fafao ny alahelo, sy ny tahotra,
Ka aza mamela ahy ho very làlana
Hanalavitra Anao.

[Nanomboka nisamonomonona ny *Ny Finoako Miandrandra Anao* Rahalahy Branham—Mpand.]... fahasoavana manan-karena!

Ny Fiangonana Sy Ny Toerany
(*The Church And Its Condition*)
5 Aogositra, 1956, Alahady Maraina

Ety Ny Vavahady
(Strait Is The Gate)
1 Marsa, 1959, Alahady Maraina

Fiangonana Iray, Voafitak'Izao Tontolo Izao
(A Deceived Church, By The World)
28 Jona, 1959, Alahady Maraina

Ireto Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ireto, notoriana tamin'ny teny Anglisy tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta tamin'ny teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org